


FANANGANAN'ANAKA ¹

 . . . ahy hahatsapa ho tsara ny mandre an'izany, tsara izany. Eny, ilay izy isan'andro, araka ny nolazaiko tany aloha hoe, “Faly aho raha hoy izy ireo tamiko, ‘Ndao isika handeha any an-tranon’ny Tompo.’” Mino aho fa i Davida no nanao an’io filazana io indray mandeha hoe, “Ndao isika handeha any an-tranon’ny Tompo.” Tsy mahafantatra toerana tsaratsara kokoa hahatongavana aho, ary ianareo, afa-tsy ao an-tranon’ny Tompo.

² Ankehitriny, izao hariva izao, dia manana sakaiza sasantsasany isika eto izay avy any Georgia lavitra any. Hamily fiara hiverina angamba izy ireo aoriana—aorian’ny sakafo izao hariva izao. Ary avy eo isika dia . . . Ny sasany amin’izy ireo dia avy lavitra, manantena aho fa hijanona ianareo. Ary izay efitra anananay dia misokatra ho anareo.

³ Ary avy eo dia hanohy isika amin’ny Alarobia hariva, eo amin’ny fianarana, ary avy eo, raha sitraky ny Tompo, ny Alahady manaraka indray.

⁴ Ary avy eo ny any Chautauqua dia manomboka ny fahenina. Noho izany ny rehetra izay nanomana ny fakan-drivotrareo, dia manantena fotoana iray lehibe, mahafinaritra isika any Chautauqua. Any no efa ananantsika foana fotoana mahafinaritra tahaka an’izany. Tsy vahoaka goavana loatra, isika matetika dia tonga . . . Izany dia hihazona eo amin’ny . . . Heveriko fa afaka hametraka iray alina isika ao anatin’ny mora fotsiny. Saingy, mazàna, heveriko fa tamin’ny taona lasa dia nanana teo amin’ny fito arivo teo isika, zavatra tahaka an’izany. Toerana iray hipoka izany, saingy nisy efitra betsaka hitsanganana. Ary ireo seza izay azon’izy ireo napetraka hatrany aoriana. Ary noho izany dia manantena an’izany isika.

⁵ Ary faly isika mahita ny maro amin’ireo rahalahintsika mpitoriteny ato. Tsy afaka mieritreritra ny anarany mihitsy aho eto, ilay misionera, Rahalahy Humes sy Ranabavy Humes, ianareo ve io mipetraka eto io, ary ireo ankizy kely, faly isika manana azy ireo, misionera iray. Ireo hafa, Rahalahy Pat, Rahalahy Daulton, sy, oh, tena maro mihitsy, Rahalahy Beeler. Ary nahita an-dRahalahy Collins aho fotoana vitsy lasa fotsiny izay. Ary, oh, ho sarotra kely ny hiantso azy rehetra. Fa tena faly izahay ny manana anareo ato an-tranon’ny Tompo izao hariva izao. Ity Rahalahy Neville sarobidy lehibe izay mipetraka eto aoriako eto ity mivavaka miaraka amiko raha hampianatra ny Teny isika. Charlie, faly aho mahita anao sy Ranabavy Nellie eto izao hariva izao, ireo ankizy kely. Ity ny . . . ary ny fampianarana ny Baiboly dia mazàna tena . . . Eny, Rahalahy Welch, izaho

fotsiny . . . nitady anao aho, hitako ianao mipetraka ery aoriana ery ankehitriny.

⁶ Ny fampianarana ny Baiboly mazàna dia mampidi-doza kely, kely iray, fantatrareo, karazan'ny mandeha eo amin'ny ranomandry manify, no iantsoantsika azy. Saingy tsapantsika fotsiny fa angamba, amin'izao toerana sy amin'izao fotoana izao, dia mety ho tsara ny mitondra kely an'ilay—ilay fiangonana eo amin'izay heveriko, teo amin'ny—ny fahazoana feno, ara-toerana, ny amin'izay maha-izy antsika ao amin'i Kristy Jessy. Ary matetika aho dia mihevitra fa ny toriteny dia zavatra iray mahafanitra, saingy mino aho matetika, Rahalahy Beeler, fa ny fampianarana dia mandeha any ankoatran'izany, izany dia somary . . . indrindra ho an'ny fiangonana.

Ankehitriny, ny toriteny mazàna dia mahazo an'ilay mpanota, mitondra azy eo ambanin'ny fanamelohana amin'ny alàlan'ny Teny. Fa ny fampianarana no mametraka an'ilay olona ara-toerana an'izay maha-izy azy. Ary tsy afaka ny hanana finoana marina mihitsy isika raha tsy fantatsika ara-toerana izay maha-izy antsika.

⁷ Ankehitriny, raha ny Etazonia, ity firenena tsara tarehy eto ity, no naniraka ahy hankany Rosia, ho ambasadaoron'ity fireneny ity, any Rosia, amin'izay fotoana izay raha naniraka ahy amin'ny fomba ofisialy any Rosia izy ireo, dia ny fahefana rehetra izay ananan'i Etazonia dia aoriako. Ny teniko dia mitovy mihitsy amin'ny an'i Etazonia, raha nekena ho ambasadaoro iray aho.

⁸ Ary noho izany raha Andriamanitra no naniraka antsika ho Ambasadaorony, dia ny fahefana rehetra izay any Andanitra, izay rehetra maha-Andriamanitra, Ireo Anjelyny rehetra sy ireo Heriny rehetra dia mitsangana aorian'ireo tenintsika raha voatendry iray marina tokoa isika, nirahina ho iraka ho an'ny olona. Tsy maintsy manaja ny Teny Andriamanitra, satria Izy no nanoratra tena am-panajana mihitsy, hoe “Na inona na inona fatoranao eto an-tany, dia ho Fatorako any An-danitra. Na inona na inona vahanao eto an-tany, dia ho Vahako any Andanitra. Ary Omeko anao ireo fanalahidin'ny Fanjakana.” Oh, teny fikasana lehibe tahaka an'izany no Nomeny ny fiangonana!

⁹ Ary izaho dia, taorian'ilay indray andro . . . Maro aminareo, heveriko, no teto aninkeo maraina nandre raha niezaka aho, tao amin'ny fanaoko manetry tena, tsotra, nanazava an'ilay—ilay fahitana izay hitako avy tany An-danitra.

¹⁰ Tsy hiezaka velively mihitsy aho ny hisalasalà amin'ny zavatra izay hany notenenin'ny olona iray tamiko hoe niteny tamin'izy ireo Andriamanitra. Hino an'izany aho na dia tsy hitako tao anatin'ny Soratra aza ilay izy, te-hino ny tenin'io rahalahy io foana aho. Izaho—afaka mijanona tsara mihitsy amin'ny Baiboly aho, saingy mbola hino foana fa angamba diso

fahazoana fotsiny an'izany amin'ny fomba iray io rahalahy io, ka mety lasa nisavoritaka kely tamin'izany izy. Fa mbola hino foana aho fa izy—izy dia rahalahiko.

¹¹ Ary raha misy zavatra izay mirehitra ato anatin'ny foko, ary antenaiko fa tsy miala amiko mihitsy izany amin'ny taonako ho avy, ka tsy ho hadinoko mihitsy izay nitranga tamin'ny Alahady maraina lasa, efa herinandro izay. Nanao zavatra ho ahy izany izay nampiova ny fiainako. Izaho—tena tsy matahotra aho. Izaho—tsy manana tahotra iray an'ny fahafatesana aho. Tsy tokony atahorana mihitsy ny fahafatesana. Ary izany—tsy tokony izany ho anareo raha azonareo fotsiny. Ankehitriny, angamba raha... Tsy maintsy manana fahatsapana ianareo hahafantarana an'izany, satria tsy misy fomba hanazavana an'izany. Tsy afaka mahita teny ianareo, satria tsy mipetraka ao anatin'ny diksionera Anglisy izany, na diksionera hafa, satria ao amin'ny Mandrakizay iray izany; tsy misy omaly, tsy misy rahampitso, ny rehetra dia fotoana ankehitriny. Ary izany dia tsy “Mahatsapa tena tsara aho,” ary adiny iray manomboka izao dia, “Tsy mahatsapa ho tena tsara aho,” ary amin'ny ora iray hafa dia, “mahatsapa ho tsara indray.” Izany dia fotoana ankehitriny foana. Hitanareo? Tsy misy fitsaharana iray mihitsy, io fiadanana be voninahitra io fotsiny, zavatra iray.

¹² Ary tsy mety hisy fahotana any, tsy mety hisy fialonana any, tsy mety hisy aretina any, tsy—tsy mety hisy na inona na inona hany hahatratra an'io moron'ny Lanitra io any. Ary raha afaka hanana ny tombontsoa hilazana an'izao aho, fa, angamba tsy afaka aho. Raha tsy afaka aho, amin'izay fotoana izay dia mivavaka amin'Andriamanitra aho hamela ahy. Fa raha manana ny tombontsoa aho, ka hamela ahy ho hakarina Andriamanitra mba hahita zavatra iray, dia hanondro ny Lanitra voalohany aho. Ary noho izany dia mino aho, anankiray ao amin'ny Baiboly, amin'ny anarana, mino aho fa i Paoly ilay izy, izay nakarina tany amin'ny Lanitra fahatelo. Ary raha be voninahitra io tao amin'ny Lanitra voalohany io, dia inona no hazonin'io Lanitra fahatelo io? Tsy mahagaga raha tsy afaka niresaka ny amin'izany izy nandritry ny efatra ambin'ny folo taona! Nilaza izy fa tsy fantany na tao amin'ny tena izy na tsy tao amin'ny tena. Miaraka amin'io apostoly lehibe io, tsy hoe hizara ny—ny—ny asany, na tsy hiezaka ny hanao ny tenantsika ho zavatra tahaka azy, fa afaka milaza miaraka aminy aho hoe, tsy fantatro na tao amin'ity tena ity aho na tsy tao amin'ny tena. Ny zavatra tokana, izany dia tena nisy tahaka ahy mijery anareo mihitsy.

¹³ Ary nanontany foana aho mikasika ny hoe raha handalo aho ka hahita rahona kely iray mitsingevana, fanahy iray, ka hanao hoe, “Indro ny rahalahy sy anabavy, Charlie sy Nellie io. Io i Rahalahy sy Ranabavy Spencer mandeha eo.” Nanahiran-tsaina ahy foana izany. Raha ao am-pasana ireo masoko, miha-potika, mihalò, raha tsy eto ny sofiko mba handre intsony, ary raha lasa

daholo ny ràko ka hanosotra azy izy ireo, ary ao anatin'ny rano izany na ao anatin'ny tany, ary ireo fahalalana ara-tsaiko, vita ny amin'ireo selan'ny ati-dohako rehetra, amin'izay fotoana izay dia ho toy ny inona intsony aho afa-tsy fanahy iray mitsingevana manerana sisa? Ary izany no nampanahy ahy. Toy ny ahoana no hitiavako hanao hoe, “Manakory, Rahalahy Pat, oh, tena faly aho mahita anao! Manakory, Rahalahy Neville, toy ny ahoana no hitiavako hahita anao!” Saingy nieritreritra aho hoe, “Eny, raha tsy manana na inona na inona hijerena aho, vava iray hitenenana, là izany, vovoka izany, dia ahoana no hahazako hanao hoe, ‘Manakory, Rahalahy Pat,’ ‘Manakory, Rahalahy Neville,’ na sy ny sisa, ‘Akory, Charlie?’”

¹⁴ Fa ankehitriny dia fantatro fa diso izany. Satria voasoratra ao amin'ny Soratra, izay lazaiko dia tsy mifanohitra hoe, “Fa raha ravàna ity tabernakelin'ny tany ity, dia manana anankiray efa miandry isika,” tabernakely hafa iray izay manana maso, sofina, molotra, fahalalana ara-tsaina. “Raha ravàna ity tabernakelin'ny tany ity!” Manana vatana iray izay afaka mahatsapa izy, afaka miresaka.

¹⁵ Ary ankehitriny dia tonga amiko izany, vao izao ankehitriny izao, hoe Mosesy dia efa maty ary tao amin'ny fasana tsy nisy marika iray nandritry ny valonjato taona, ary Elisa dia lasa any An-danitra dimanjato taona tany aloha, saingy teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy dia hita niresaka tamin'i Jesosy izy ireo.

¹⁶ Taorian'ny nahafatesan'i Samoela nandritry ny telo ka hatramin'ny dimy taona fara-fahakeliny, ary nampakatra azy ilay mpamosavivavin'i Andora, ary lavo tamin'ny tavany izy, ka nanao hoe, “Namitaka ahy ianao, satria Saoly ianao, ny tenanao.” Hoy izy hoe, “Satria mahita an'ireo andriamanitra aho!” Mpanompo sampy iray izy, hitanareo. “Mahita an'ireo andriamanitra miakatra aho.”

¹⁷ Ary tsy mbola afaka nahita azy i Saoly, ka hoy izy hoe, “Toy ny ahoana izy? Fariparito amiko izy.”

Hoy izy, “Mahia izy, ary manana kapôty iray eo ambonin'ny sorony.”

¹⁸ Hoy izy, “Samoela izany, ilay mpaminany, ento eto anatrehako izy.” Ary tiako ianareo hanamarika fa tsy nahavery ny iray amin'ny naha-olona azy i Samoela. Mbola mpaminany iray foana izy, niteny tamin'i Saoly marina tokoa an'izay hiseho ny ampitso izy.

¹⁹ Noho izany, hitanareo, tsy mampihena antsika manontolo ny fahafatesana araka ny itomanantsika sy hidradradrantsika ary itarainantsika eo amin'ny fasana. Manova ny toeramponenantsika fotsiny izy. Mitondra antsika izy avy eo amin'ny toerana iray mankany. . . Inona ny taona? Raha velona ora iray amboniny aho, dia hahari-miaina toy ny olona maro enina

ambin'ny folo taona, hahari-miaina toy ny olona maro dimy taona aho. Tsinontsinona ny taona. Napetraka eto fotsiny isika ho an'ny tanjona iray, mba hanao zavatra.

²⁰ Eny, ankehitriny, maro amin'ireo reny kely tsara endrika mipetraka eto ireo, ny sasany amin'izy ireo enimpolo na fitopolo taona, no hanao hoe, “Eny, inona no nataoko, Ranadahy Branham?” Efa nitaiza ny zanakareo ianareo. Efa nanao izay nasaina nataonareo ianareo.

²¹ Angamba Dada antitra iray izay mipetraka eto, hanao hoe, “Eny, efa namadi-baingna an'ireo saha aho, izaho efa nanao an'ity. Tsy nitory teny mihitsy aho.” Saingy nanao fotsiny an'izay nanirahan'Andriamanitra anareo mba hataonareo ianareo. Misy toerana iray ho anareo.

²² Niresaka tamin'ny dokotera antitra iray aho, omaly, iray amin'ireo dokotera sakaizako, namako, valopolo taona mihoatra kely. Ary ato amin'ny fiangonana ny zaobaviny izao hariva izao, ary izy dia efa nanahy kely mihitsy, kely fotsiny mikasika azy. Ary nandeha nijery azy aho. Ary vantany vao nanomboka niresaka taminy aho, dia namirapiratra izy, niteny tamiko mikasika ny dia fihazana iray izay nataony taona maro lasa izay tany Colorado, ilay faritra iray ihany mihitsy izay ihazako. Manjelatra sy mamiratra mihitsy! Dia hoy aho hoe, “Dokotera, hatramin'ny oviana no efa nanazaranao tena?”

²³ Hoy izy hoe, “Fony ianao mbola ninono.” Ary tato ambany tato dia hoy aho hoe . . . “Ary matetika,” hoy izy, “no nanazarako tena, nitondra ny kalesiko, apetrako eo ambonin'ny soavaliko ireo haron-daseliko. Nalaiko ny kitapo kely dia nandeha tongotra aho.”

²⁴ Dia hoy aho hoe, “Eny, nanerana an'ilay moron'ny helodrano, amin'ny roa ora maraina, niaraka tamin'ny jironao fanao am-paosy, niezaka hahita trano iray izay nisny ankizy kely iray tratry ny aretin-kibo na reny iray nihetsi-jaza.”

“Marina izany.”

²⁵ Dia hoy aho hoe, “Fantatrao, dokotera, mino aho, fa any ampitan'ity sisin-tany eto ity, eo anelanelan'ny mety maty sy ny tsi-fahafatesana, dia manana toerana iray ho an'ireo dokotera antitra tsara izay nahavita tahaka an'izany Andriamanitra.”

²⁶ Ranomaso lehibe no tonga teo amin'ny masonry ary nanomboka nitomany izy, natsotrany ireo tânany osa ka hoy izy hoe, “Rahalahy, manantena an'izany koa aho.” Any ampitan'ilay tany, dia Andriamanitra no mitsara ny fanahin'ny olona, izay maha-izy azy.

²⁷ Tamin'izay fotoana izay no nanomezako azy an'ity Soratra mahafa-po ity. Matetika, eo am-piasana tany manerana an'ireo saha maizina feno fotaka ireo izy amin'ny alina, miezaka hanampy olona iray, angamba tsy mahazo iraimbilanja

amin'izany mihitsy, saingy mety tsara izany. Hoy aho hoe, "Jesosy no nilaza ao amin'ny Soratra hoe, 'Sambatra ny mamindra fo, fa hahazo famindrampo izy ireo.'" Ary marina izany.

²⁸ Ary izao hariva izao dia te-hametraka ny fiangonana isika, ao amin'ireto lesona telo ireto, raha avelan'Andriamanitra hoe, ahoana ary inona no ho jerena, izay maha-izy antsika. Hanomboka amin'ny toko faha-1 an'ny Bokin'ny epistilin'i Paoly ho an'i Efesosy isika. Ary halaintsika ireo toko telo voalohany ao amin'ireo fianarantsika telo manaraka, hiezaka haka toko iray isan-kariva, raha vitantsika. Izao hariva izao, amin'ny Alarobia, ary amin'ny Alahady maraina manaraka. Efesiana, ny toko faha-1. Ankehitriny satria miara-mianatra isika, dia tiako ny hilaza an'izao, hoe ity Bokin'ny Efesiana ity dia mirazotra tanteraka amin'ny Josoa an'ny Testamenta Taloha. Efesiana, ny Bokin'ny Efesiana.

²⁹ Ankehitriny, tsarovy, raha sendra ka mivoana kely izahay, amin'ny fampianaranareo, dia mamela anay fotsiny ka mahareta aminay vetivety. Alohan'ny anokafantsika azy, dia ndao isika hangataka Azy hanampy antsika, raha manondrika ny lohantsika isika.

³⁰ Tompo, manatona Ny Soratrao masina sy hajaina izahay, fa Izany dia mafy noho ny lanitra sy ny tany rehetra. Satria mamaky izahay ao amin'ity Teny ity, antsoina hoe ny Baiboly, hoe "Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniko tsy ho diso mihitsy." Noho izany, eo amin'ity ora mihaja izay anatonako an'ity polipitra ity izao hariva izao, eo anatrehan'ilay novidian'Ny Rànao, ireto mety maty malala sarobidy izay mipetraka eto ireto izao hariva izao, mandrombaka ny fanantenana kely rehetra izay vitan'izy ireo, mba hifikitra amin'io Hazavana izay ho avy io. Enga anie ho tena ampy izany, izao hariva izao, mba hahitan'ny mpino tsirairay eto ny toerany, ka ny tsirairay avy izay tsy mbola niditra tao amin'io fiombonana lehibe io, dia hisisika ao amin'ilay Fanjakana, Tompo, ka handondona eo amin'ny varavarana mandra-pamohan'ilay Mpiandry ny varavarana. Ekeo izany, Tompo.

³¹ Mamaky izahay ato hoe ity Baiboly ity dia tsy mila fandikana manokana. Andriamanitra, rarao aho Mpanomponao na ny mpanompo hafa mba tsy hanandrana mihitsy hametraka ny fandikany manokana amin'ny Teny. Avelao izahay hamaky Azy fotsiny sy hino Azy, amin'ny fomba izay nanoratana Azy. Ary indrindra izahay mpiandry ny andian'ondry, izahay pasitera izay hiangona indray andro any ao amin'io Tany be voninahitra io miaraka amin'ireo andian'ondry kely, ary hitsangana ao amin'ny Fanatrehan'ny Tompo Jesosy izahay ka hahita an'ilay taranaka hiseho, an'i Paoly, sy an'i Petera, sy an'i Lioka, sy Marka, sy Matio, ary izy rehetra ireo, ary hahita azy ireo tsaraina any miaraka amin'ny vondron'izy ireo. Andriamanitra,

ekeo ny mba ahafahako hametraka amboara iray alina eo an-Tongotrao raha mbola mandady tanteraka am-panetre-tena aho ka mametraka ny tånako eo amin'ny Tongotrao sarobidy, ka manao hoe, "Tompo, Anao izy ireo."

³² O Andriamanitra, fenoy Ny Fanahinao indray izahay, sy ny Fitiavanao ary ny Fahatsaranao. Ary enga anie izahay, araka ny nasehon'ilay poety tao amin'ny hira taona maro lasa izay hoe, "Ry Zanak'ondry malala teo am-pahafatesana, tsy hahavery ny heriny mihitsy Ny Rànao sarobidy, mandrapahatongan'ilay Fiangonan'Andriamanitra voavidy rehetra ho voavonjy mba tsy hanota intsony. Ary hatramin'io, tamin'ny finoana, no nahitako an'io ony izay nomanin'ny Ratranao mikoriana io; fitiavana manavotra no efa lahatsoratro, ary ho izany mandra-pahafatiko. Noho izany ao amin'ny hira ambony indrindra, mamy indrindra," manohy izy mba hilaza hoe, "no hirako ny Herinao mamonjy; rehefa ity molotra mahantra, fiteny miambakambaka ity no mitoetra mangina ao am-pasana." Noho izany, ny fasana dia tsy mihazona fahafatesana mihitsy ho an'ireo Zanakao. Toeram-pialan-tsasatra iray fotsiny izany, na toeram-piafenana, izay hitafian'ity fahalòvana ity ny tsi-fahalòvana.

³³ Enga anie hahita an'izany izahay izao hariva izao, Tompo, mazava, araka ny nanomezana azy ho anay ao amin'ny Teny. Omeo fahazoana izahay. Ary apetraho izahay, Tompo, eo amin'ny toeran'andraikitrany, mba ahafahanay manompo ampahatokiana mandra-Pihavinao. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay, sy nohon'ny Aminy. Amena.

³⁴ Ankehitriny, ny Bokin'ny Efesiana, araka ny vao avy nolazaiko, izaho... araka ny hevitra, dia izany no anankiray amin'ireo Boky lehibe indrindra an'ny Testamenta Vaovao. Izany no mitondra antsika, eo amin'izay andehanan'ny Calvinisma eo amin'ny lafiny iray, ary ny Arminisma mandeha eo amin'ilay ilany hafa, fa ny Bokin'ny Efesiana no mampitambatra azy miaraka ary mametraka an'ilay Fiangonana ara-toerana.

³⁵ Ankehitriny, nanaovako tandindona tamin'i Josoa izany. Raha nahamarika ianareo, Isiraely dia nentina nivoaka an'i Egipta, ary nisy dingana telo teo amin'ny dian'izy ireo. Dingana anankiray, dia niala an'i Egipta. Ny dingana manaraka, dia ny an-efitra. Ary ny dingana manaraka, dia Kanana.

³⁶ Ankehitriny, tsy i Kanana no maneho ny taonan'ny Arivo taona. Maneho fotsiny ny taonan'ny mpandresy izany, ny fizaram-potoan'ny fandresena, satria tao Kanana dia namono izy ireo ary nandoro sy naka an'ireo tanàna. Fa tsy hisy fahafatesana ao amin'ny Arivo taona.

³⁷ Fa ny zavatra iray hafa izay nataon'izany, dia mitondra ny fanamarinana amin'ny finoana, rehefa avy nino an'i Mosesy izy ireo ka niala an'i Egipta. Fanamasinana, mba hanarahana

eo ambanin'ilay Andry Afo sy ny fanaovam-panavotan'ilay zanak'ondry fanatitra tao an-efitra. Ary avy eo dia niditra tao amin'ny tany iray izay efa nampanantenaina.

³⁸ Ankehitriny, inona ilay tany nampanantenaina ho an'ny mpinon'ny Testamenta Vaovao? Ny teny fikasana dia ny Fanahy Masina. “Fa izao no hiseho amin'ny andro farany,” Joela 2:28, “fa handatsaka Ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho. Ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany. Ary eo amin'ny Mpanompolahiko sy ny Mpanompovaviko no Handatsahako Ny Fanahiko, ka haminany izy ireo. Haneho fahagagana eny amin'ny lanitra ambony Aho. Ary eny amin'ny tany, andry afo, sy setroka, ary entona.” Ary Petera no nilaza, tamin'ny Andron'ny Pentekosta, rehefa avy nanao ny lahateniny izy ka nitory teny hoe, “Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ka aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho famelàna,” mba hanao famelàna, mba hamela, mba hanaisotra ny heloka rehetra tany aoriana.

³⁹ Efa voamarikareo ve, Josoa, talohan'ny niampitan'izy ireo an'i Jordana, dia hoy Josoa hoe, “Mandalova eo afovoan'ny toby ka diovy ny fitafianareo ary amasino ny tsirairay avy aminareo, ka aoka tsy hisy lehilahy hankeo amin'ny vadiny, satria afaka telo andro dia ho hitanareo ny Voninahitr'Andriamanitra.” Hitanareo? Izany dia—izany dia ambaratonga iray ho vonona handova ny teny fikasana. Ankehitriny, ny teny fikasana ho an'ny Isiraely, dia, nomen'Andriamanitra an'i Abrahamana ny teny fikasana an'ilay tany, i Palestina, ary tsy maintsy ho fananan'izy ireo mandrakizay izany. Ary tsy maintsy hijanona ao amin'io tany io foana izy ireo.

⁴⁰ Ankehitriny, tonga teo amin'ny dingana telo izy ireo, hahatongavana eo amin'io tany nampanantenaina io. Diniho ankehitriny, vita tandindona tanteraka tokoa izany ao amin'ny Testamenta Vaovao.

⁴¹ Ankehitriny ity, araka ny nolazaiko, dia tsy mifanaraka amin'ny sasany amin'ny fiheveranareo. Ny sasany aminareo olona Nazareana sarobidy, Fiangonan'Andriamanitra, sy ny sisa, aza avela handratra anareo izany, fa diniho tsara fotsiny ary diniho ireo tandindona. Diniho dia jereo raha tsy mifanaraka tanteraka mihitsy ny toerana tsirairay.

⁴² Nisy dingana telo tao amin'ilay dia, ary misy dingana telo ao amin'ity dia ity. Satria, nohamarinina tamin'ny finoana isika, mino an'i Jesosy Kristy Tompo, nandao ny tanin'i Egipta, nivoaka. Ary avy eo dia nohamasinina tamin'ny alàlan'ny fanateran'Ny Ràny, nosasana tamin'ny fahotantsika, ary lasa mpivahiny sy vahiny, manambara fa mitady tany iray isika, tanàna iray izay ho avy, na teny fikasana iray.

⁴³ Toy izany koa no nataon'ny Isiraely tany an-efitra, vahiny, tsy nisy toerana nitsaharana, nandeha isan'alina, nanaraka

an'ilay Andry Afo, saingy farany dia tonga tao amin'ilay tany nampanantenaina izay nitoeran'izy ireo.

⁴⁴ Eo no ahatongavan'ilay mpino. Tonga eo amin'ny fahafantarana aloha izy fa mpanota iray; avy eo dia nosarahan'ireo rano izy, ny fanasan'ny rano, tamin'ny alàlan'ny Rà, ary . . . na ny fanasan'ny rano amin'ny alàlan'ny Teny, raha ny marina, mino an'i Jesosy Kristy Tompo. Avy eo, satria nohamarinina tamin'ny finoana, dia lasa mpandray anjara iray izy, ary fiadanana iray miaraka amin'Andriamanitra, amin'ny alàlan'i Kristy, natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mba hampiditra azy ao amin'ilay dia. Azonareo ve ilay izy? Ao amin'ilay dia! Amin'izay fotoana izay izy dia lasa vahiny iray sy mpivahiny iray. Eo amin'ny diany mankany amin'ny inona izy? Teny fikasana iray izay nataon'Andriamanitra.

⁴⁵ Tsy mbola nandray ny teny fikasana Isiraely, fa teo amin'ny diany izy ireo. Ary raha tsy mampiakatra . . . Aoka hahazo azafady. Fa eo ianareo, ny Nazareana sy ny Mpivahinin'ny Fahamasinana, sy ny sisa, no lavo. Satria, Isiraely, rehefa tonga teo amin'ilay toerana izy ireo, tao Kadesy-Barnea, rehefa nandeha tany ireo mpisafotany ka nanao hoe, "Lehibe ilay tany." Saingy niverina ny sasany tamin'izy ireo ka nanao hoe, "Tsy afaka maka azy isika, satria misy manda ireo tanàna, sy ny sisa." Fa nitsangana i Josoa sy Kaleba, ka nanao hoe, "Mihoatra noho ny mahavita haka azy isika!" Nohon'ny antontan-taratasin'izy ireo efa voasonia, dia nino ny asa roa an'ny fahasoavana izy ireo, fanamarinana sy fanamasinana, ka tsy afaka nandeha lavitra intsony. Ary, henoy, levona tao an-efitra io taranaka manontolo io. Afa-tsy anankiroa izay nandeha nankao amin'ilay tany nampanantenaina ka niverina nitondra ny porofo fa tany tena tsara izany, "ary mihoatra noho ny afaka maka azy isika, satria izany no teny fikasan'Andriamanitra." Noho izany raha tokony nandroso ny olona, handray ny Fanahy Masina, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, mandray ny herin'Andriamanitra, ny batisan'ny Fanahy Masina, ireo famantarana, ireo fahagagana, ireo zava-mahagaga, dia nahatsapa izy ireo fa hamotika ny fombafomban'ny foto-pampianarany izany. Ary inona no nitranga tamin'izany? Levona tao amin'ilay tany! Marina izany.

⁴⁶ Fa ireo mpino, ilay antokon'i Kaleba sy Josoa, izay nanohy nankao amin'ny teny fikasana, nandroso nankao amin'ilay tany izy ireo, ary naka ny tany, ka nitoetra tao amin'ilay tany, satria fananana iray. Ary isika tsy mijanona mihitsy eo amin'ny fanamarinana, fanamasinana. Ndao isika hanohy hatrany amin'ny batisan'ny Fanahy Masina. Ndao isika tsy hijanona eo amin'ny finoana ny Tompo Jesosy, satria vita batisa. Ndao isika tsy hijanona satria nanadio antsika tamin'ny fiainam-pahotana iray Izy. Fa manohy mankao amin'ny toerana iray isika ankehitriny, mankany amin'ny teny fikasana iray an'ny batisan'ny Fanahy Masina. Satria Petera no nilaza,

tamin'ny Andron'ny Pentekosta hoe, "Fa ny teny fikasana dia ho anareo, sy ho an'ny zanakareo, ary ho an'ireo lavitra, arak'izay hiantsoan'ny Tompo Andriamanitsika azy."

⁴⁷ Noho izany, Efesosy eto dia mametraka antsika tahaka an'i Josoa, ara-toerana. Raha mahamarika ianareo, Josoa, rehefa avy nitety ny tany, ka naka ny tany, avy eo dia nizara ny tany. "Efraïma *eto*, Manase *eto*, ary ity anankiray ity *eto*, Gada *eto*, Benjamina *eto*." Nizara ny tany izy.

⁴⁸ Ary mariho! Oh, mandrehitra ny fontsika mihitsy ity! Ny tsirairay avy tamin'ireo reny Hebreo, teo am-piterahana an'ireo zanany, dia niteny an'ilay toerana mihitsy izy, tao amin'ny fanaintainan'ny fihetsehan-jazany, izay hametrahana azy ireo ao amin'ilay tany nampanantenaina. Oh, fianarana lehibe iray izany! Raha afaka hiditra fotsiny ao amin'izany amin'ny antsihiriany mantsy isika, fa hila ora sy ora izany. Indray andro any rehefa voalamintsika ny fiangonantsika, dia ho tiako mihitsy ny ho tonga ka haka volana iray manontolo na roa, hijanona eo amin'izany fotsiny. Diniho izy ireo rehefa, ny tsirairay avy tamin'ireo reny ireo, rehefa niantsoantso izy hoe, "Efraïma," rehefa nihetsi-jaza izy, nametraka azy ara-toerana izay nametrahana ny tongony tao anatin'ny diloilo. Ny tsirairay avy tamin'izy ireo marina tokoa na taiza na taiza no nisy azy ireo!

⁴⁹ Ary Josoa, tsy nahafantatra an'izany, fa tamin'ny alàlan'ny tsindrimandry, notarihin'ny Fanahy Masina, rehefa avy niditra tao amin'ilay tany nampanantenaina, dia nanome ny fanpanantenany ho an'ny lehilahy tsirairay, arak'izay nampanantenain'ny Fanahy Masina marina tokoa tamin'ny alàlan'ny fahaterahana tany.

⁵⁰ Toy ny ahoana no ametrahan'Andriamanitra ny sasany ao amin'ny fiangonana, amin'ny alàlan'ny fanaintainan'ny fihetsehan-jaza! Oh, lasa goavana izy ireo matetika. Rehefa mitaraina eo ambanin'ny fanenjehan'izao tontolo izao any ivelany ny fiangonana iray, mino ny Tompo Jesosy, hoe ny teny fikasan'ny Fanahy Masina dia tena misy mihitsy amintsika tahaka azy tamin'ny Pentekosta, dia toy ny ahoana no itarainan'izy ireo sy itomaniany eo ambanin'ny fanaintainan'ny fihetsehan-jaza! Fa rehefa teraka izy ireo, ary teraka ara-toerana ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay ny Fanahy Masina dia mametraka ao amin'ny fiangonana, ny sasany apostoly, ny sasany mpaminany, ny sasany mpampianatra, ny sasany pasitera, ny sasany evanjelista. Avy eo dia Napetrany tao, ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, ny fandikana ny fiteny tsy fantatra, fahalalana, fahendrena, fanomezampahasoavan'ny fanasitranana, ireo karazana fahagagana rehetra.

⁵¹ Izay misy ny fiangonana... Ankehitriny dia ity ny tanjoko amin'ny fanaovana an'izao. Miezaka foana ny fiangonana

haka ny zoron'ny olon-kafa. Saingy aza manao an'izany. Tsy afaka hamboly katsaka eny amin'ny zoron'i Efraima mihitsy ianareo, raha Manase ianareo. Tsy maintsy maka ny toeranareo ao amin'i Kristy ianareo, maka an'izany ara-toerana. Oh, lasa lalina sy manan-karena izany rehefa tonga eto isika, ahoana fa Andriamanitra dia mametraka anankiray ao amin'ny fiangonana mba hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ny iray hafa. . . Ankehitriny, isika dia efa nampianarina imbetsaka hoe, "isika rehetra dia tokony hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra." Diso izany. "Isika rehetra dia tokony hanao an'izany." Tsia, tsy tokony isika. Tsy nanao zavatra anankiray izy rehetra. Ny tsirairay avy dia. . .

⁵² Ny tsirairay, ilay tany dia nomena sy nozaraina tamin'ny alàlan'ny tsindrimandry. Ary, ny tsirairay avy, afaka maka an'ireo Soratra aho ka maneho an'izany aminareo marina tokoa, hoe napetrany tao amin'ny toerana izay natao hisy azy izy ireo, ara-toerana, ahoana fa ny antsasak'ireo foko roa dia tsy maintsy mijanona eny ampitan'ilay renirano, ahoana fa ny renin'izy ireo no niantsoantso an'izany tamin'ny fahaterahan'izy ireo, ary ahoana fa natao ho izany ny toerana tsirairay.

⁵³ Ary ankehitriny rehefa avy miditra ianareo, izany dia tsy midika fa afaka amin'ny ady ianareo. Tsy maintsy mbola miady ny inch tsirairay an'ilay tany izay ijoroanareo foana ianareo. Noho izany, hitanareo, Kanana dia tsy naneho an'ilay Lanitra lehibe, satria izany dia ady sy olana sy famonoana ary fiadiana, sy ny sisa. Saingy naneho an'izany izy, hoe tsy maintsy fandehanana tanteraka iray izany.

⁵⁴ Eo no tsy ahombiazan'ny fiangonana amin'izao andro izao, eo amin'io fandehanana io. Fantatrareo ve fa na dia ny fitondran-tenanareo manokana aza dia afaka manakana olon-kafa iray tsy ho sitrana? Ny fitondran-tena ratsinareo, ny fahotanareo mpino tsy voaiky, dia afaka hanao an'ity fiangonana ity tsy hahomby mafy mihitsy. Ary amin'ny Andron'ny Fitsarana dia ho tompon'andraikitra amin'ny kely indrindra amin'izany ianareo. Oh, hoy ianareo hoe, "Ankehitriny, andraso iray minitra, Rahalahy Branham." Eny, izany no Fahamarinana. Eritrereto izany!

⁵⁵ Josoa, rehefa avy niampita nankao amin'ilay tany izy, dia nomen'Andriamanitra azy ny teny fikasana fa. . . Eritrereto fotsiny, miady ady mitohy iray manontolo tsy nahavery lehilahy iray, tsy nisy ratra iray akory aza, tsy nila mpampivelona iray, na fanampiana voalohany iray na fehin-dratra iray. Amena. Hoy Andriamanitra hoe, "Anao ny tany, mandehana miady." Eritrereto, ny fiadiana ady mitohy iray, nefa tsy nisy Vokovoko Mena mihitsy nanodidina, tsy hisy olona haratra!

⁵⁶ Ary namono an'ireo Amorita sy Hetita izy ireo, saingy tsy nisy anankiray naratra teo anivon'izy rehetra mandra-piditry ny fahotana tao amin'ilay toby. Ary rehefa nalain'i Akana io

fitafiana Babyloniana io sy io vongam-bolamena io, ka nafeniny tao ambanin'ny tobiny, tamin'izay fotoana izay dia nahavery lehilahy enina ambin'ny folo izy ireo ny ampitso. Hoy Josoa hoe, "Mijanòna! Mijanòna! Andraso iray minitra, misy zavatra tsy mety ao! Misy zavatra tsy mety eto. Hiantso fifadian-kanina fito andro isika. Andriamanitra no nanao teny fikasana iray ho antsika hoe, 'Tsy hisy na inona na inona handratra antsika.' Ho lavo eo an-tongotsika ireo fahavalontsika. Nefa misy zavatra tsy mety eto. Nisy zavatra tsy nety tany ho any, satria manana lehilahy maty enina ambin'ny folo isika eto. Rahalahy Isiraelita izy ireo, ary maty."

⁵⁷ Nahoana izy ireo no maty, lehilahy tsy manan-tsiny? Satria nisy lehilahy iray niala an-daharana. Hitanareo ve ny antony ilàna ny hampianarana an'ity? Ny fiangonana milahatra, milahatra amin'ny Tenin'Andriamanitra, milahatra amin'Andriamanitra ary mifampilahatra, mandeha mahitsy tanteraka, am-pahamaotinana, eo anatrehan'ny olona rehetra, matahotra an'Andriamanitra. Nohon'ny lehilahy iray izay nangalatra fitafiana iray, ary nanao zavatra izay tsy tokony nataony, dia nanala ny ain'ny lehilahy enina ambin'ny folo! Heveriko fa enina ambin'ny folo ilay izy, angamba mihoatra. Mino aho fa lehilahy enina ambin'ny folo no maty.

⁵⁸ Niantso i Josoa, nanao hoe, "Misy zavatra tsy mety ao! Andriamanitra no nanao ny teny fikasana, fa misy zavatra tsy mety ao."

⁵⁹ Rehefa entintsika eo anatrehantsika ny marary, ka tsy mety sitrana izy ireo, dia mila miantso fifadian-kanina mihaja iray isika, miantso fivoriana iray. Misy zavatra tsy mety any ho any. Andriamanitra no nanao ny teny fikasana, tsy maintsy miraikitra amin'izany teny fikasana izany Andriamanitra, ary Hataony izany.

⁶⁰ Dia niantso fifadian-kanina iray izy. Ary hitan'izy ireo, nanao filokana izy ireo. Ary niaiky an'izany i Akana. Dia novonoin'izy ireo i Akana, ny fianakaviana sy ny rehetra, ary nodorany ny lavenon'izy ireo, ka navelan'izy ireo teo izany ho tsangambato iray. Ary nandeha nanohy fotsiny an'ireo ady i Josoa, naka ny zavatra rehetra, tsy nisy ratra iray na fery iray. Eo ianareo izao.

⁶¹ Indray andro dia nila fotoana kely iray izy, fotoana amboniny. Hilentika ny masoandro, tsy afaka tena niady tsara ireo lehilahy tamin'ny andro alina. Josoa, ilay mpiady mahery, voahosotr'Andriamanitra, napetraka ara-toerana tao amin'ilay tany, tahaka ny Efesiana ho an'ilay Fiangonana vaovao, mahazo, nahazo, mahazo an'ilay tany, manapaka azy. Nila fotoana sasantsasany izy, noho izany dia hoy izy hoe, "Ry masoandro, mipetraha tsara!" Dia nipetraka tsara izy nandritry ny teo amin'ny ora roa ambin'ny folo teo, mandra-pahazoany an'ilay tany. Hitanareo?

62 Ankehitriny dia ny Bokin'ny Efesiana no mametraka antsika ara-toerana ao amin'i Kristy, tahaka an'izay nisy azy ireo tao amin'ilay Tany Masina. Tsy voapetraka ao amin'ilay Tany Masina isika, fa ao amin'ny Fanahy Masina! Ankehitriny dia ndao isika hamaky Teny iray fotsiny, hahita hoe tanteraka toy ny ahoana ny fiangonana.

Paoly, apostolin'i Jesosy Kristy nohon'ny sitrapon'Andriamanitra, . . .

63 Oh, tiako izany! Andriamanitra no nanao azy ho apostoly iray. Tsy nisy loholona nametra-tànana teo aminy, tsy nisy eveka nandefa azy na taiza na taiza, fa Andriamanitra no niantso azy ary nanao azy ho apostoly iray.

Paoly, apostolin'i Jesosy Kristy nohon'ny sitrapon'Andriamanitra, ho an'ireo olo-masina (ireo nohamasinina) izay any Efesosy, sy ho an'izay mahatoky an'i Jesosy Kristy:

64 Diniho hoe toy ny ahoana no andefasany an'ity. Tsy ho an'ireo tsi-mpino ity. Ho an'ny fiangonana ity. Miantso an'ireo nantsoina nivoaka izany, ireo nohamasinina sy nantsoina izay ao amin'i Kristy Jesosy.

65 Ankehitriny, raha te-hahafantatra ianareo hoe ahoana no idirantsika ao amin'i Kristy Jesosy, raha hamadika ao amin'ny Korintiana Voalohany 12 ianareo, dia izao no voalaza hoe, “Fa tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray.” Ahoana? Vita batisa tamin'ny inona? Ny Fanahy Masina. Tsy tamin'ny batisan'ny rano, ianareo olon'ny Fiangonan'i Kristy, fa tamin'ny sora-baventy F-a-n-a-h-y iray, tamin'ny Fanahy iray. Tsy tamin'ny fandraisan-tànana iray, tsy tamin'ny taratasy iray, tsy tamin'ny famafazana iray. Fa tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray, ny fananantsika, ilay tany izay nomen'Andriamanitra antsika mba hiainana, ny Fanahy Masina. Tahaka ny Nanomezany an'i Kanana ho an'ireo Jiosy mihitsy, no Nanomezany antsika ny Fanahy Masina. Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray. Azonareo ve ilay izy?

66 Ankehitriny, dia miresaka amin'ireo Kananita ara-panahy izy, Isiraely, ilay Isiraely ara-panahy izay nahazo an'ilay tany. Oh, tsy faly ve ianareo fa nivoaka avy tamin'ny tongolo gasin'i Egipta? Tsy faly ve ianareo fa tafavoakan'ny an-efitra? Ary, tsarovy, tsy maintsy nihinana mana izy ireo, ny sakafon'Anjely avy tany An-danitra, mandra-pitan'izy ireo tao amin'ilay tany. Ary rehefa niampita an'ilay tany izy ireo, dia nitsahatra tsy nilatsaka ny mana. Efa matotra tanteraka izy ireo tamin'izany, ka nihinana an'ireo katsaka tranain'ilay tany. Ankehitriny, ankehitriny dia tsy zazakely intsony ianareo, ankehitriny dia tsy maniry an'ilay ronono tsy mifangaron'ny Filazantsara ianareo,

fa tsy mila ho rotsirotsiana ianareo, sy kapokapohina, ary resendahatra ho tonga any am-piangonana, ankehitriny dia tena Kristiana matotra tanteraka ianareo, vonona ny hihinana sakafo matanjaka ianareo ankehitriny. Vonona ny hiditra ao amin'ny zavatra iray ianareo, hoy izy. Vonona ny hahazo zavatra iray izay lalina sy manan-karena ianareo. Oh, hiditra eo amin'izany avy hatrany isika. Ary, oh, efa nafenina hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao izany. Hoy izy hoe, "Ankehitriny dia efa niditra ao amin'ity ianareo, dia miteny an'izao aminareo aho." Tsy ho an'ireo izay vao avy niala an'i Egipta, tsy ho an'ireo izay mbola ao amin'ilay dia, fa ho an'ireo izay ao amin'ilay tany nampanantenaina, izay naharay an'ilay teny fikasana.

⁶⁷ Firy no naharay ny teny fikasan'ny Fanahy Masina? Oh, tsy faly ve ianareo fa ao amin'ilay tany ianareo eto ankehitriny, mihinana an'ilay katsaka tranainy, mihinana an'ireo zavatra matanjaka avy amin'Andriamanitra ka manana fahazoana mazava iray. Ny—ny fisainanareo ara-panahy dia afa-potaka tanteraka. Fantatrareo marina tokoa hoe iza Izy. Fantatrareo marina tokoa hoe inona Izy. Fantatrareo marina tokoa hoe mankaiza ianareo. Fantatrareo marina tokoa ny rehetra mikasika an'Izany. Fantatrareo hoe Iza no inoanareo ka resy lahatra fa Izy dia mahay mitahiry an'izay napetrakareo Taminy hatramin'ilay andro. Oh, izany ilay anankiray, izany ilay iresahan'i Paoly ankehitriny. Henoy tsara. Diniho ankehitriny.

. . . ilay mahatoky ao amin'i Kristy Jesosy:

⁶⁸ Ankehitriny, mamelà ahy hanao ny fiangonana hamerina an'izany. Ahoana no idirantsika ao amin'i Kristy? Amin'ny fikambanana amin'ny fiangonana ve? Tsia. Amin'ny fametrahana ny anarantsika eo amin'ny boky iray ve? Tsia. Amin'ny fanaovana batisa tamin'ny fanitrihana ve? Tsia. Ahoana no idirantsika ao amin'i Kristy? Tamin'ny Fanahy Masina iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny teny fikasana iray, ny Vatana, ary mpandray anjara amin'izay rehetra ananan'ilay tany isika. Amena! Oh, izaho—tiako izany. Raha tsy farim-peo aho, dia afaka nihiakiaka. Oadray, rehefa miditra ao amin'io tany io aho, dia ahy izy. Ao an-trano aho ankehitriny; ao Kanana aho. Vonona amin'ny zavatra rehetra izay tian'Andriamanitra hampiasana ahy aho. Mandeha eo amin'ireo tany masina aho, zanaka iray an'ilay Mpanjaka, miakanjo tanteraka ary vonona. Nivoaka avy tao Egipta aho, tonga hatreo amin'ilay tany nampanantenaina, nahatantany an'ireo fizahan-toetra, niampita an'i Jordana nankao amin'io teny fikasana voatahy io. Oh, ahoana no nahazoako azy? Tamin'ny Fanahy iray. Ilay fomba iray izay nahazoan'i Paoly Azy, nihetsika teo amiko tahaka ny Nihetsehany teo aminy, tahaka ny Nihetsehany teo aminareo. Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra. Tsy nofafazana, famafazana kely iray an'Izany, nahatsapa tena tsara; fa nasitrika ambany!

Ny rehetra dia natao hilomano ao ambany, ao amin'ny Fanahy Masina. Izany ilay teny fikasana.

⁶⁹ Ny Efesiana antsika, ny Josoa antsika, izay ny Fanahy Masina, *Josoa* dia midika hoe “Jesosy, Mpamonjy.” Josoa izay midika hoe ny Fanahy Masina maneho an'izany ao amin'ilay ara-panahy tahaka azy tao amin'ny ara-boajanahary, hoe Izy no Mpiady maherintsika. Izy no Mpitarika lehibe antsika. Tahaka ny nomban'Andriamanitra an'i Josoa, dia toy izany koa Andriamanitra (ao amin'ny Fanahy Masina) izay manetsika antsika mikasika an'izany. Ary rehefa miditra ao amin'ny toby ny fahotana, dia mangataka fiatoana iray ny Fanahy Masina hoe, “Inona no tsy mety ato amin'ity fiangonana eto ity? Misy zavatra tsy mety.” Oh, tsy afaka mahita ve ianareo hoe ahoana fa manana zanakalahin'i Kisy be loatra isika ankehitriny? Saoly be loatra avy amin'ireo seminera sy sekoly teolojika ary mivoaka ka mampianatra an'ireo zavatra ratsy, araka ny nolazain'ny Baiboly fa hataon'izy ireo. “Toy ny hoe, tsy manana ny Finoana, manasaraka ny tenany aminareo, tsy manana fiombonana aminareo, sy ny sisa, manana ny endriky ny toepanahy araka an'Andriamanitra nefa mandà ny Heriny, izany koa dia ialao.” Tsy fantatr'izy ireo hoe avy aiza izy ireo, tsy afaka manome antony iray izy ireo.

⁷⁰ Milaza an'izao aho avy tamin-dRahalahy Booth Clibborn, sakaizako iray, raha misy zavatra iray izay za-. . .zazasary tsy noforonin'Andriamanitra, zavatra iray eto amin'izao tontolo izao, dia ramole iray. Ny ramole iray no ambany indrindra amin'ny zavatra rehetra. Izy dia . . .izy—tsy fantany izay mahaizy azy. Tsy afaka mamokatra ny tenany intsony izy. Ny ramole iray dia tsy afaka miray amin'ny ramole hafa ka lasa ramole iray. Vita ny aminy. Tsy fantany hoe avy aiza ny papany, tsy fantany koa ny mamany, satria izy dia apondra kely—kely iray sy soavaly vavy iray. Tsy nanao an'izany mihitsy Andriamanitra. Aza apetrakareo amin'Andriamanitra ny zavatra tahaka an'izany. Tsy nanao an'izany mihitsy Andriamanitra. Hoy Andriamanitra hoe, “Ny zavatra rehetra dia hamoa araka ny karazany avy.” Eny, tompoko. Fa ny ramole iray dia—dia. . .ny papany dia apondra iray ary ny mamany dia soavaly vavy iray, noho izany dia tsy fantany hoe an'iza izy. Izy—izy—izy dia soavaly iray miezaka ny ho ramole iray, na ramole iray. . .na—na izy dia soavaly iray miezaka ny ho apondra iray, apondra iray miezaka ny ho soavaly iray. Tsy fantany hoe an'iza izy. Ary izy no zavatra mafy loha indrindra izay misy eto amin'izao tontolo izao. Tsy afaka mametraka fahatokiana aminy mihitsy ianareo na kely aza.

⁷¹ Ary tahaka an'izany ny olona maro ao am-piangonana. Tsy fantatr'izy ireo hoe iza ny papany, tsy fantatr'izy ireo hoe iza ny mamany. Ny zavatra tokana fantatr'izy ireo, dia na izy ireo Presbyterana, Metodista, Batista, na Pentekotista, na zavatra

iray. Tsy fantatr'izy ireo hoe avy aiza izy ireo. Ary ny apondra antitra iray, afaka mihorakoraka azy betsaka arak'izay tianareo ihorakorahana aminy mihitsy ianareo, fa hijanona eo izy ary hampakatra an'ireo sofina goavana, ka hijery. Afaka mitory teny amin'izy ireo mandritry ny alina manontolo ianareo, fa tsy mahafantatra izy ireo na kely aza rehefa miala noho izay nataony rehefa niditra. Ankehitriny, marina mihitsy izany. Tsy te-ho henjana aho, fa te-hiteny aminareo ny Fahamarinana.

⁷² Fa misy zavatra iray izay azon'izy ireo atao, mpiasa tsara izy ireo. Oh, miasa fotsiny izy ireo, miasa, miasa, miasa. Mametraka ao an-tsaiko ny andiany iray an'ireo Arameniana izany izay miezaka hiasa foana ho an'ny lalan'izy ireo mankany Andanitra. Marina izany, ramole iray. Oh, ireo Ladies Aid Society, sy ilay lasopy akoho, ho karama, an'ilay mpitory teny. "Ary tsy maintsy manao an'ity fandihizana ity izahay, ary ity sosialy ity." Izany dia asa fotsiny, asa, asa, asa, asa, asa, asa. Ary, izy ireo, ho an'ny inona no iasan'izy ireo?

⁷³ Anontanio izy ireo hoe, "Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina fony ianareo vao nino?"

⁷⁴ Hampakatra ny sofiny izy ireo, ka tsy fantany hoe an'iza izy ireo, "Inona no tianao lazaina? Taiza *ity* rehetra ity? Inona no tianao lazaina, ny Fanahy Masina? Tsy mbola nandre na inona na inona mikasika an'Izany mihitsy aho. Oh, tsy maintsy ho karazana fanatika iray ianao." Hitanareo, tsy fantatr'izy ireo hoe iza no papany, na iza no mamany, koa. Ary tsy maintsy mikapoka azy ireo ianareo eo amin'ny zavatra rehetra izay ataonareo, mikapoka *eto* ary mikapoka *etsy*, ary mikapoka *eto* ary mikapoka *etsy*. Marina izany, ramole antitra iray.

⁷⁵ Fa, teneniko aminareo, tsy mila manao an'izany amin'ny soavaly tena tsy mifangaro iray ianareo. Manapoaka indray mandeha an'ilay karavasy eo aminy fotsiny, ary rahalahy, lasa izy. Fantany izay ataony. Oh, mahafinaritra toy ny ahoana ny mitaingina tsy mifangaro iray! Tsara toy ny ahoana no ilazana hoe, "Alefa, ry tovolahy." Oh, ralehilahy, tsaratsara kokoa aminareo ny mihazona mafy, hamela an'ilay lasely eny amin'ny habakabaka izy.

⁷⁶ Tahaka an'izany ny amin'ireo tena Kristiana tsy mifangaro. Haleloia! "Raiso ny Fanahy Masina. Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ka aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ho famelàna ny fahotanareo." Lasa, haingana arak'izay vitan'izy ireo mandeha eo amin'ilay rano, lasa izy ireo. Tsy afaka mitsahatra izy ireo na andro na alina raha tsy maharay ny Fanahy Masina. Nahoana? Fantatrareo, ny Kristiana iray dia mahafantatra hoe iza ny Papany. Hitanareo, mila anankiroa hamokatra fiterahana iray. Marina izany, papa sy mama. Ny ramole dia tsy mahafantatra hoe iza ny papany, na iza ny mamany. Fa isika dia mahafantatra hoe Iza no Papa sy Mama, satria isika dia nateraky ny Tenin'Andriamanitra voasoratra,

nohamarinin'ny Fanahy. Nilaza i Petera, tamin'ny Andron'ny Pentekosta hoe, “Raha hibebaka ianareo ka hatao batisa, ny tsirairay avy aminareo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ho famelàna ny fahotanareo, dia handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina ianareo.”

⁷⁷ Ary, rahalahy, ny Kristiana iray nateraka indray, (oh, oadray) ny fanahiny, vantany vao mandray ny Teny izy, dia mandray ny Fanahy Masina. Anontanio zavatra iray izy amin'izay fotoana izay! Fantany izay itsanganany. “Mino ny fanasitrana avy amin'Andriamanitra ve ianao?” “Amena!” “Mino ny Fihaviana Faharoa ve ianao?” “Amena!”

⁷⁸ Anontanio ny ramole izany. Ilay fivavahan-dramole, “Ah, tsy fantatro. Dokotera Jones no nilaza indray mandeha...” Hah! Izay, manaraha an'i Saoly. Hitanareo? “Oh, tsy mahafantatra izy ireo. Eny, teneniko aminao, tsy mahazo antoka an'Izany ny fiangonako.”

⁷⁹ Oh, rahalahy, fa ny lehilahy sy ny vehivavy nateraka indray dia mahazo antoka mihitsy ny amin'ny fihavian'ny Tompo Jesosy, mahazo antoka mihitsy izy ireo fa nahazo ny Fanahy Masina satria misy ny Fanahy Masina homena.

⁸⁰ Ankehitriny, Jesosy no nilaza... Ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana, “Izahay dia mivavaka ao amin'itsy tendrombohitra itsy, fa ireo Jiosy dia mivavaka any Jerosalema.”

⁸¹ Hoy Izy hoe, “Ravehivavy, henoy Ireo Teniko! Ho avy ny ora, ary tonga ankehitriny, izay itadiavan'ny Ray an'ireo izay hivavaka Aminy amin'ny Fanahy sy ny Fahamarinana.”

⁸² Ny Teninao no Fahamarinana. Ary ny olona rehetra izay hamaky ny Baiboly sy hino ny Teny rehetra izay lazain'ny Baiboly, ka manaraka an'ireo Toro-mariny, ka handray an'ilay Fanahy Masina iray ihany izay noraisin'izy ireo, tahaka ny nandraisan'izy ireo Azy, ireo vokatry iray ihany izay nandraisan'izy ireo Azy, ilay hery iray ihany izay nananan'izy ireo rehefa nandray Azy, dia fantany hoe iza ny Papany sy ny Mamany. Fantany fa nosasana tao amin'ny Ràn'i Jesosy Kristy izy, nateraky ny Fanahy, nofenoina ny hosotr'Andriamanitra. Fantany izay ijo-roany. Azo antoka! Ao Kanana izy. Fantany hoe avy aiza izy. Tahaka an'izany ilay izy amin'ny tena Kristiana iray. Anontanio izy hoe, “Efa noraisinao ve ny Fanahy Masina fony ianao vao nino?” “Amena, rahalahy!”

⁸³ Nitsangana teo akaikin'ny olo-masina antitra iray aho indray andro, roa amby sivifolo taona, niresaka tamin'ny pasiterany valopolo taona, hoy aho hoe, “Nenibe?”

Namiratra mihitsy arak'izay vitany, hoy izy hoe, “Eny, ry zanako.”

⁸⁴ Hoy aho hoe, “Hafiriana izay no nandraisanao ny Fanahy Masina?”

Hoy izy hoe, “Voninahitra ho an’Andriamanitra! Teo amin’ny enimpolo taona teo izay no nandraisako Azy.”

⁸⁵ Ankehitriny, raha ramole iray izy, dia ho nanao hoe, “Ankehitriny, andraso iray minitra, efa nohamarinina sy nofafazana aho fony aho... Eny, izany tokoa, ary nentin’izy ireo nankao amin’ny fiangonana aho ka nitondra ny taratasiko tamin’i *ranona*.” Oh, mamindrà fo amiko! Tsy fantatr’izy ireo akory aza hoe an’iza izy ireo.

⁸⁶ Fa fantany hoe avy taiza ny fizokiany. Teo izy rehefa nitranga izany. Nateraky ny rano sy ny Fanahy izy. Fantany, ary ny rano amin’ny alàlan’ny fanasan’ny rano amin’ny alàlan’ny Teny, dia mila ny Teny.

⁸⁷ Diniho ankehitriny hoe toy ny ahoana no ilazana an’ity, “Ho an’ireo izay ao amin’i Kristy Jesosy.” Paoly, ankehitriny, tsarovy...Maka fotoana ela aho, saingy tsy hahavita an’ity toko ity. Fa handeha haingana aho...Tianareo ve izany? Oh, Izany no miteny amintsika hoe aiza no misy antsika, saingy tsy afaka manao azy ao anatin’ny hariva anankiray mihitsy isika. Mila volana iray na roa isika amin’ity, isan-kariva, handinika an’izany mihitsy, Teny amin’ny Teny. Miverina ka mikaroka an’izany ao amin’ireo tantara ary mamoaaka an’izany, Teny amin’ny Teny, ka maneho aminareo fa Izany no Fahamarinana. Ankehitriny dia mamelà ahy hamaky an’ity andininy ity haingana indray.

Paoly, apostolin’i Jesosy Kristy nohon’ny sitrapon’Andriamanitra (tsy ny sitrapon’ny olona, ho an’ireo olo-masina izay any Efesosy, ary (fanohizan-teny) ho an’ilay mahatoky ao amin’i Kristy Jesosy:

⁸⁸ Midika hoe, “Efa nantsoina hivoaka izy ireo, nisaraka, ary ankehitriny dia vita batisan’ny Fanahy Masina, ary ao amin’i Kristy Jesosy. Mandefa an’ity epistily ity aminareo aho, ry malalako.” Oh! Mieritreritra an’i Paoly aho any miaraka amin’izy ireo mihitsy ankehitriny, oh, sambatra toy ny ahoana! Ity apostoly antitra kely ity dia nanao ny lohany ho tapahina tany. Nitsangana teo akaikin’ilay toerana izay nanapahan’izy ireo ny lohany aho. Fa, oh, ny lohany dia eo ambonin’io vatana vaovao io, ka tsy afaka ny ho tapahina intsony indray. Ary mitsangana any izy miaraka amin’izy ireo amin’izao minitra izao mihitsy, ilay apostoly iray ihany izay nanoratra an’Ity. Ary hoy izy, “Ho anareo izay ao amin’i Kristy Jesosy! Tamin’ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin’io Vatana iray io.” Diniho ankehitriny.

Ho aminareo anie ny fahasoaavana, sy ny fiadanana, avy amin’Andriamanitra Raintsika, sy...Jesosy Kristy Tompo.

*Isaorana anie ilay Andriamanitra sy Rain'i Jesosy
Kristy Tompontsika, izay efa nitahy antsika tamin'ny
rehetra . . .*

Oh, renao ve izany, Charlie?

*. . . efa nitahy antsika tamin'ny fitahiam-panahy
rehetra . . .*

⁸⁹ Tsy hoe sasantsasany fotsiny ho an'ireo apostoly, ary sasantsasany ho an'ity, fa Izy dia efa nitahy antsika tamin'ny fitahiam-panahy rehetra. Ilay Fanahy Masina iray ihany izay nilatsaka tamin'ny Andron'ny Pentekosta no ilay Fanahy Masina iray ihany izay eto izao hariva izao. Ilay Fanahy Masina iray ihany izay nanao an'i Maria hihikiaka sy hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ary nanana fotoana mahafinaritra iray ka nifaly, ary ireo zavatra izay nataony, no ilay Fanahy Masina iray ihany izay eto izao hariva izao. Ilay Fanahy Masina iray ihany izay namela an'i Paoly teo amin'io sambo tranainy io, izay toy ny hoe feno rano ka vita, ary efatra ambin'ny folo andro sy alina, tsy nisy volana na kintana. Nijery teo izy ka ny onja tsirairay dia nanana devoly iray teo aminy, nandinika, ary nampampirapiratra ny nifiny, ka nanao hoe, "Halentiko ianao, ry zazalahy antitra, ankehitriny. Azoko ianao ankehitriny."

⁹⁰ Ary raha mbola nandohalika i Paoly mba hanao vavaka kely iray, dia nitsangana teo ny Anjely iray, nanao hoe, "Aza matahotra ianao, ry Paoly. Ho rendrika eo amin'ny nosy anankiray ity sambo tranainy ity. Mandrosoa ka hano ny sakafo harivanao, mety tsara izany ankehitriny."

⁹¹ Indro izy tonga niaraka tamin'ireo rojo vy teo amin'ny sandry keliny, nitaritarika azy ireo teo amin'ny tongony, ka nanao hoe, "Mahereza tsara, ry lehilahy, satria ilay Andriamanitra, ilay Anjelin'Andriamanitra, izay tompoiko, dia nitsangana teo akaikiko ka nanao hoe, 'Ry Paoly, aza matahotra ianao.'" Io Fanahy Masina iray io ihany no eto izao hariva izao, ilay Fanahin'Andriamanitra iray ihany, mikarakara ho antsika an'ireo fitahiam-panahy iray ihany.

*. . . nitahy antsika tamin'ireo fitahiam-panahy rehetra
ao amin'ireo toeran-danitra . . .*

⁹² Oh, ndao isika hijanona eto iray minitra amboniny fotsiny. "Ao amin'ireo toeran-Danitra." Ankehitriny, tsy hoe na aiza na aiza fotsiny, fa ao amin'ireo toeran-Danitra. Isika dia miangona any "An-danitra," izany dia midika hoe ilay toeran'ny mpino. Izany, raha nivavaka tsara aho, nivavaka tsara ianareo, na nivavaka tsara ny fiangonana, ka vonona ho an'ny Hafatra isika, ary manangona ny tenantsika miaraka ho olo-masina, nantsoina nivoaka, vita batisan'ny Fanahy Masina, nofenoina an'ireo fitahian'Andriamanitra, nantsoina, nofidiana, napetraka niaraka ao amin'ireo toeran-Danitra ankehitriny, dia an'ny Lanitra isika ao amin'ny fanahintsika. Ireo fanahintsika no

mampiditra antsika ao amin'ny faritry ny Lanitra iray. Oh, rahalahy! Eo ianareo izao, faritry ny Lanitra iray! Oh, inona no mety nitranga izao hariva izao, inona no mety nitranga izao hariva izao raha nipetraka teto isika tao amin'ny faritry ny Lanitra iray, ka ny Fanahy Masina mihetsika eo amin'ny fo tsirairay izay navaozina indray ary lasa olom-baovao ao amin'i Kristy Jesosy? Ny fahotana rehetra dia eo ambanin'ny Rà, ao amin'ny fanompoana tanteraka, miaraka amin'ny tãantsika mitsangana mankany amin'Andriamanitra ary ny fonsika misandratra, mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra ao amin'i Kristy Jesosy, miaraka manompo ao amin'ireo toeran-Danitra.

⁹³ Efa mba nipetraka teo amin'ny anankiray ve ianareo? Oh, efa nipetraka aho hany ka nitomany tamim-pifaliana ary nanao hoe, "Andriamanitra, aza avela hiala eto intsony aho." Ireo toeran-Danitra fotsiny ao amin'i Kristy Jesosy!

⁹⁴ Mitahy antsika amin'ny inona? Fanasitranana avy amin'Andriamanitra, fahalalana mialoha, fanambarana, fahitana, hery, fiteny tsy fantatra, fandikana, fahendrena, fahalalana, ireo fitahian-Danitra rehetra, ary fifaliana tsy hay lazaina sy feno Voninahitra, ny fo tsirairay nofenoina ny Fanahy, miaraka mandeha, miaraka mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra, tsy misy fisainan-dratsy iray eo anivontsika, tsy misy sigara iray nifohana, tsy misy akanjo fohy iray, tsy misy iray an'ity, itsy na ny hafa, tsy misy fisainan-dratsy iray, tsy misy olona manana zavatra iray manohitra ny iray hafa, ny olona rehetra dia miresaka am-pitiavana sy mirindra, ny olona rehetra iray saina ao amin'ny toerana iray, "avy eo tampoka teo dia indro tonga avy any An-danitra ny feo iray tahaka ny rivotra mahery." Eo ianareo izao, "Efa nitahy antsika tamin'ireo fitahiam-panahy rehetra."

⁹⁵ Amin'izay fotoana izay dia mety hilatsaka eo amin'ny olona iray ny Fanahy Masina, ka hanao hoe, "HOY NY TOMPO HOE. Mandehana amin'ny toerana anankiray ka manaova zavatra anankiray." Diniho ilay izy fa mitranga mihitsy tahaka an'izao. [Manapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] Hitanareo? "HOY NY TOMPO HOE. Manaova zavatra anankiray ao amin'ny toerana anankiray." Diniho ilay izy fa mitranga tahaka an'izao. [Manapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham.]

⁹⁶ "Nitahy antsika tamin'ireo fitahian-Danitra rehetra ao amin'ireo toeran-Danitra." Diniho!

Araka ny efa nifidianany antsika . . .

⁹⁷ Isika ve no nifidy Azy, sa Izy no nifidy antsika? Izy no nifidy antsika. Oviana? Tamin'ilay hariva izay nanekentsika Azy ve? Voafidy!

Araka ny efa nifidianany antsika tao aminy talohan'ireo fanorenana an'izao tontolo izao, mba ho

masina isika . . . tsy misy tsiny eo anatrehany amin'ny inona . . . (anaram-piangonana?) . . . amin'ny fitiavana:

⁹⁸ Oviana Andriamanitra no nifidy antsika? Oviana Andriamanitra no nifidy anareo izay manana ny Fanahy Masina? Oviana Izy no nifidy anareo? Talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Tamin'ny Fahalalany mialoha, no Nahitany anareo mialoha sy nahafantarany fa ho tia Azy ianareo. Ary talohan'ny nisian'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia nifidy anareo Izy, ka naniraka an'i Jesosy mba Ahafahany ho fanaovana-panavotana ny fahotanareo, hiantso anareo amin'ny fampihavanana, amin'ny Tenany, mba hitia. Oh, maniry aho ny hananantsika minitra vitsy amboniny fotsiny.

⁹⁹ Mamelà ahy, alohan'ny andehanantsika lavidavitra, hiverina, Genesisy 1:26. Ho raisiko izany amin'ny Alarobia. Rehefa nanao ny olona Andriamanitra . . . Talohan'ny Nanaovany ny olona, dia niantso ny Tenany Izy hoe “El,” E-l, El; E-l-h, “Elah,” “Elohim.” Ilay teny dia midika hoe, amin'ny Hebreo, “ilay nisy tamin'ny tenany,” ny rehetra tamin'ny alàlan'ny Tenany. Tsy nisy na inona na inona nisy Talohany, Izy no fisiana rehetra izay hany nisy, ilay Anankiray nisy tamin'ny tenany! El, Elah, Elohim, dia midika hoe “ilay ampy tanteraka, mahery tanteraka, Tsitoha, ilay Anankiray nisy tamin'ny tenany.” Oh!

¹⁰⁰ Fa ao amin'ny Genesisy 2, rehefa nanao ny olona Izy, dia hoy Izy hoe, “Izaho no izy,” Y-a-h-u, J-u-v-u-h, *Yahweh*, “Jehovah.” Inona no dikan'izany? “Izaho ilay Anankiray misy tanteraka Izay namorona zavatra iray avy amin'ny Tenako, mba ho zanaka iray ho Ahy, na vonjimaika iray, na kely iray, anankiray kely ho Ahy.” Voninahitra! Nahoana? Izy no nanome ny olona mba ho andriamanitra kely iray. Satria Izy no Andriamanitra Ray, ary Izy no nanao ny olona ho andriamanitra kely iray, noho izany dia tsy misy amin'ny tenany intsony Izy, misy miaraka amin'ny Fianakaviany Izy. Elah, Elah, Elohim. Ankehitriny, ankehitriny dia Jehovah Izy. *Jehovah*, dia midika hoe, ilay “Anankiray Izay misy miaraka amin'ny Fianakaviany.” Ankehitriny, Andriamanitra dia nanao ny olona mba ho mpanapaka ny tany rehetra, izy no nanana ny fanapahana. Ary ny tany no fanapahan'ny olona. Ny Soratra ve izany? Noho izany raha izany no faritrany, dia izy no andriamanitra teto an-tany. Afaka niteny izy, dia nisy izany. Afaka niteny an'ity izy, dia nisy izany. Oh! Indro Izy, Andriamanitra, Jehovah, ilay Anankiray Izay nisy indray mandeha tao amin'ny nisy tamin'ny tenany, saingy ankehitriny dia misy miaraka amin'ny Fianakaviany, ary ireo madinika Keliny miaraka Aminy. Eo ianareo izao.

¹⁰¹ Ankehitriny, vakio izany. Hiditra amin'izany isika amin'ny Alarobia hariva, rehefa manana fotoana amboniny. Eo amin'ny dimy ambin'ny folo minitra mihoatra eo fotsiny sisa isika ary

isika dia...Nihevitra aho fa ho tonga eo amin'ny toerana anankiray aho eto, saingy tsy ho tonga isika, eo amin'izay nanisiana tombokase antsika tamin'ny Fanahy Masin'ny teny fikasana. Eny àry.

¹⁰² Ankehitriny, oviana isika no voaantso ho mpanompon'Andriamanitra? Oviana i Orman Neville no voaantso ho mpanompon'Andriamanitra? Oh, oadray! Mampivembena ahy ity. Ho teneniko aminareo, ndao isika haka Soratra sasantsasany. Tiako ianao haka ny Petera Voalohany 1:20. Ary, Pat, haka ny Apokalypsy 17:8. Ary izaho haka ny Apokalypsy 13. Ankehitriny dia tiantsika ny hihaino eto, tianareo ny hahafantatra hoe oviana Andriamanitra no niantso anareo mba ho Kristiana iray. Oh, tiako ity. Ity, “Tsy ny mofa ihany no hiveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra.” Eny àry, Rahalahy Neville, raiso ny Petera Voalohany 1:20. [Hoy Rahalahy Neville hoe, “1:20.”—Mpand.] Eny, vakio ny 1:19 sy 1:20. Henoy ity. [“1:19 sy 20.”] Eny. [Mamaky ny Petera Voalohany 1:19-20 Rahalahy Neville.]

Fa tamin'ny rà sarobidin'i Kristy, toy ny an'ny zanak'ondry iray tsy misy kilema sy tsy misy pentina:

Izay voatendry mialoha marina tokoa talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, fa efa naseho tamin'izao andro farany izao ho anareo.

¹⁰³ Oviana Izy no voatendry mialoha? Talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Rahalahy Pat, vakio ny Apokalypsy 17:8 ho ahy. [Mamaky ny Apokalypsy 17:8 Rahalahy Pat—Mpand.]:

Ny bibidia izay efa hitanao dia teo, ary tsy eo; nefa hiakatra avy amin'ny lavaka tsy hita noanoa, ka ho lasa any amin'ny fahaverezana: ary ireo izay monina ambonin'ny tany dia ho gaga, ireo izay manana ny anarana tsy voasoratra ao amin'ny bokin'ny fiainana hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao, rehefa mijery ilay bibidia izay teo izy ireo, sy tsy eo, nefa mbola ho eo.

¹⁰⁴ Iza no ho voafitaka? Iza no ho voafitaka'io olona mpivavaka tahaka an'i Saoly io? Tena fetsy sy tena tanteraka mihitsy izany hany ka hamitaka ny inona izy? Ny tena V-... [Hoy ny fiangonana hoe, “Voafidy.”—Mpand.] raha... [“azo atao.”] raha azo atao. Eny àry, Apokalypsy 13:8, avelao aho hamaky azy ho anareo.

Ary izay rehetra monina ambonin'ny tany dia...ny rehetra izay monina ambonin'ny tany dia hanompo azy, ireo manana ny anarany izay tsy voasoratra tao amin'ny bokin'ny fiainan'ny Zanak'ondry izay voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao.

105 Oviana no napetraka tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anarantsika? Rehefa voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao ny Zanak'ondry. Fony Andriamanitra mbola Jehovah, El, Elah, Elohim, ilay Anankiray nisy tamin'ny tenany. Tahaka ny Diamondra goavana be anankiray fotsiny, ary tsy afaka ny ho inona na inona hafa Izy, fa ao anatin'io Diamondra io dia nisy Mpamonjy iray ireo Toetrany. Tao amin'ireo toetra ireo, tao Anatin'y, dia nisy Mpanasitrana iray. Eny, tsy nisy na inona na inona hovanjena teo ary tsy nisy na inona na inona ho sitranina, fa ireo Toetrany no namokatra an'izany. Koa, noho izany talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, rehefa Fantany, fa ilay fanehoana lehibe tato Anatin'y tato, hoe ho Mpamonjy iray Izy, hoe ho avy Izy ka ho tonga nofo ary honina eo anivontsika, ary Fantany fa amin'ireo Diankapony dia ho sitrana isika, dia Novonoiny ilay Zanak'ondry teo amin'Ny Bokin'y talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, ary nosoratany teo amin'io Boky io ny anaranareo talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Oh!

106 Henoy Ity! Ny fifidianana mialoha dia mijery any aoriana mankany amin'ny fahalalana mialoha, ny fifidianana no tiako lazaina. Ny fifidianana dia mijery any aoriana mankany amin'ny fahalalana mialoha, ary ny fifidianana mialoha dia mijery mankany amin'ny fitodihana. Aza adino izany, hoe ny fifidianana dia mijery any aoriana eto, ity ilay izy, "Tsipolitra iray aho. Teraka tao amin'ny fahotana aho, notorotoronina tamin'ny heloka, tonga teto amin'izao tontolo izao niteny lainga, teraka teo anivon'ireo mpanota. Ny ray sy reny ary ny fianakaviako manontolo, dia mpanota. Tsipolitra iray aho. Fa, tampoka teo, dia lasa voam-bary iray aho. Ahoana no nitrangan'izany?" Izany, inona izany? Fifidianana. Andriamanitra, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia nifidy fa ilay tsipolitra dia tsy maintsy ho lasa voam-bary. "Ankehitriny dia fantatro fa voam-bary iray aho, satria voavonjy aho. Ahoana no anaovako an'izany?" Mijery any aoriana ka mahita fa Izy no nifidy mialoha an'izany, efa ela be. Tamin'ny fahalalana mialoha no Nahitany fa ho tia Azy aho, noho izany Izy dia nanao fanaovam-panavotana iray tamin'ny alàlan'Ny Zanany Manokana, mba amin'ny Alàlany no ahafahako ho lasa avy amin'ny tsipolitra ho voam-bary. "Ankehitriny, aiza no misy ahy ankehitriny?" Voavonjy aho, mandeha ao amin'ny fahasoavan'Andriamanitra aho. "Inona no jeren'ny fifidianana mialoha?" Mankany amin'ny fitodihana. "Aiza no Hitondrany ahy, ary handeha ho aiza aho?" Amena. Izany no mitondra anareo. Eo ianareo izao.

107 Ankehitriny dia ndao isika hamaky lavidavitra kely fotsiny, ary avy eo dia tsy maintsy hamarana tsy ho ela mihitsy isika.

Araka ny . . . nifidianany antsika tao aminy talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, mba ho masina

isika . . . tsy misy tsiny eo anatrehany amin'ny fitiavana:

Rehefa nifidy antsika mialoha amin'ny fananganan'anaka, nifidy mialoha amin'ny fananganan-janaka amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy ho an'ny tenany, araka ny fankasitrahana tsara an'ny sitrapony,

¹⁰⁸ Inona no Nataony? Izy, tamin'ny fahalalana mialoha, dia nahita antsika mialoha, nahafantatra fa Mpamonjy iray Izy, nisy tamin'ny tenany. Tsy nisy Anjely, tsy nisy na inona na inona; Andriamanitra fotsiny, Elah, Elohim, ilay Anankiray nisy tamin'ny tenany, tsy nisy afa-tsy Izy irery. Fa tao Aminy dia nisy Mpamonjy iray. Eny, inona no Hovonjeny, nefa tsy misy na inona na inona very? Nahafantatra an'izany, noho izany dia Fantany fa io toetra lehibe tao Aminy io no hamokatra zavatra iray any izay Azony vonjena. Noho izany rehefa nanao an'izany ilay izy, tamin'ny fahalalana mialoha dia nijery Izy ary Hitany ny tsirairay avy izay hanaiky an'Izany. Ary avy eo tamin'ny fanaovana an'izany, dia hoy Izy hoe, "Mba hamonjena an'io, ny fomba tokana Azoko anaovana an'izany, dia ny hampidina ny Tenako ary ho tonga nofo sy maka ny fahotan'olona iray eo Aminy, ary maty ho azy, mba Ahafahako ho ilay Anankiray izay tompoina," satria Andriamanitra Izy, ilay zavatra tompoina.

¹⁰⁹ Tamin'izay fotoana izay dia nidina Izy ary naka teo amin'ny Tenany. Ary raha mbola nanao an'izany Izy, dia nanao an'izany Izy mba Ahafahany hamonjy anareo izay te-ho vonjena. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Tamin'ny fahalalana mialoha, ilay Andriamanitra tsi-manam-petra, Izay nahafantatra ny zavatra rehetra, no nahita an'ilay Zanak'ondry, ary Novonoiny ilay Zanak'ondry talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, ary Napetrany teo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anaranareo. Ary Hitany ilay famitahan'i Satana, izay hataony. Noho izany dia Napetrany teo ny anaranareo. Ary nilaza Izy fa ho tena mpivavaka ilay antikristy, tena tsara, lehilahy iray tena mahafinaritra, lehilahy iray tena manan-tsaina, lehilahy iray tena mpivavaka, ka hamitaka an'ilay tena voafidy izy raha azo natao. Saingy tsy azo atao iray izany, satria ny anaran'izy ireo dia efa voatendry mialoha talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Tamin'ny fifidianana no Nifidianany azy ireo, ary amin'ny fifidianana mialoha no ahafantaran'izy ireo hoe ho aiza izy ireo. Eo ianareo izao.

¹¹⁰ Ankehitriny, iza no afaka hisalalana an'izany? Izany no nolazain'i Paoly. Izany no Soratr'i Paoly. Izany no nosoratan'i Paoly. Izany no nampianariny ny fiangonany. Ilay fiangonana, ara-toerana, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Rehefa Andriamanitra, tao amin'ny Fahararim-piterahany, no niteraka, niteraka anareo, nahafantatra izay hataonareo, dia Izy no nametraka anareo ara-toerana tao amin'Ny Vatany Manokana, mba ho mpikarakara tokantrano iray, mba ho tantsaha iray,

mba ho mpitory teny iray, mba ho mpaminany iray, mba ho *ity* na ho *itsy*. Izy no nametraka anareo ara-toerana. Avy eo rehefa avy nivoaka avy tao amin'ireo tanin'ny tongolo gasin'i Egipta isika, tamin'ny alàlan'ny fanamasinana, ary natao batisa nankao amin'ilay tany nampanantenaina... Satria, ny teny fikasan'Andriamanitra dia ny Fanahy Masina. Efesiana 4:30, nanao hoe, "Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra izay nanisiana tombokase anareo hatramin'ny andro fanavotana anareo." Noho izany Andriamanitra, izay efa nifidy mialoha an'ilay fiangonana, dia hoy Izy hoe, "Ary ny olona rehetra, dia hisy an-tapitrisany sy an-tapitrisany izay handeha ho tena mpivavaka nefa voafitaka." Ireo tokana izay tsy ho voafitaka dia ho ireo izay niditra tao amin'ilay tany nampanantenaina, izay talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao dia efa nanana ny anarany voapetraka eo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry, ary miditra ao amin'ilay tany nampanantenaina, ka mankasitraka an'izany.

¹¹¹ Olona maro no matahotra fa hoe hihetsika hafahafa ianareo. Olona maro no matahotra fa ny Fanahy Masina dia hampanao anareo zavatra iray izay ianareo—hampahamenatra anareo amin'ny olona. Olona maro no matahotra fa hoe hitomany izy ireo, ary ireo malalan'ny fony dia hahita azy ireo hitomany, na i mama, na ny mpiara-monina aminareo, na ny sefonareo dia hahita anareo.

¹¹² Mamelà ahy hiteny aminareo mikasika ny lehilahy iray indray mandeha, alohan'ny hamaranana. Nisy lehilahy iray nantsoina hoe Davida, ary rehefa tany amin'ny tanin'ny Filistina ilay fiaran'Andriamanitra, ka niverina Izany, nosintonin'ny fiara iray, omby tranainy iray no nisintona azy ireo, rehefa nahita an'io fiara io tonga i Davida, dia nanana akanjo rebareba kely iray izy teny aminy, nihazakazaka nivoaka izy tany, nampitsambikina ny tongony teny amin'ny rivotra, ary nitsambikina manerana, sy nihiakiaka ary nitsambikina, sy nandihy ary nitsambikina sy nandihy. Nefa, izy, ilay mpanjakan'ny Isiraely! Ary nijery avy teo amin'ny varavarankely ny vadiny ka nahita azy nihetsika tena hafahafa, dia nanamavo azy izy. Nahoana, tsy maintsy hilaza izy hoe, "Ilay vendrana! Jereo izy eo, ny fomba ihetsehany, manipy ny tongony eny amin'ny rivotra, ary mitsambikina manerana sy mihetsika tahaka an'io. Nahoana, tsy maintsy ho adala izy!" Ary tamin'io hariva io rehefa niditra izy, dia nilaza izy, tamin'ny teny tahaka an'izao hoe, "Nahoana, nahasaikatra ahy ianao. Nahoana, ianao, ilay mpanjaka, ny vadiko, teo ivelany teo nanao tahaka an'io, nihetsika tahaka an'io!"

¹¹³ Hoy i Davida hoe, "Rahampitso dia hanao tsaratsara kokoa noho io aho. Eny, tompoko!" Hoy izy hoe, "Tsy fantatrao ve fa nandihy ho an'ny Tompo aho?" Niampita izy! Tany amin'ilay tanin'ny teny fikasana izy. Nahavery ny fombam-

piainana rehetra sy ny loton'izao tontolo izao izy. Tena faly izy ny nahafantatra fa niditra tao amin'ny tanànanany manokana ilay fiara.

¹¹⁴ Ary, oh, teneniko aminareo, ny olona sasany dia matahotra ny handray ny Fanahy Masina, matahotra fa mety hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo. Matahotra izy ireo fa hilaza ny olona iray hoe, “Ankehitriny, iray amin'ireo zalahy mpiteny amin'ny fiteny tsy fantatra izy.” Matahotra ny ho tonga any ampiangonana izy ireo ka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, satria menatra an'Izany izy ireo. Ah! Oh!

¹¹⁵ Nilaza ny olona iray fa tokony hisintona an'ireo horonampeoko aho, satria nitry ny amin'ny fanaovana batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Tsy hisintona azy ireo aho. Hanao betsaka aho! Marina izany, fa, hanao betsaka! Izany no Baiboly. Raha tsy tian'izy ireo izay nataontsika omaly, dia diniho fotsiny izay hataontsika rahampitsa! Izany no zavatra hatao, hitanareo, manohy mandroso fotsiny. Tsy misy farany amin'izany, satria avy amin'ny Tompo izany. Andriamanitra izany.

¹¹⁶ Fantatrareo ve izay nataon'Andriamanitra? Nijery avy any An-danitra Andriamanitra, hoy Izy hoe, “Davida, lehilahy iray araka ny Foko Manokana ianao.” Tsy menatra i Davida. Mpanompon'ny Tompo iray izy. Tiany ny Tompo. Ary tena faly izy, tena tondraky ny hafaliana, hany ka tsy nihevitra mikasika ny lazan'olombelona izy.

¹¹⁷ Hitanareo, araka ny nolazaiko tamin'ny toriteniko aninkeo maraina, matahotra be loatra isika, ka, mila Saoly iray hampianatra antsika, mila Saoly iray avy amin'ny seminera iray isika hiteny amintsika hoe ahoana no tsy maintsy hanaovantsika ny fivavahantsika ary ahoana no tsy maintsy hanaovantsika an'izany. Izany no eny amin'ilay ilany hafa an'i Jordana. Ity ilany ity, dia ny Fanahy Masina no mitarika. Ny eto dia nivoaka an'io fotaka io ianareo. Ny eto dia tsy miraharaha an'izay eritreretin'izy ireo ianareo. Ny eto dia maty ianareo, ary ny fiainanareo dia miaina ao amin'i Kristy amin'ny alàlan'ny... ary voaisy tombokase tamin'ny Fanahy Masina. Tsy miraharaha ianareo. Miaina ao Kanana ianareo. Afaka mahatanty katsaka tsara ianareo. Olom-baovao ao amin'i Kristy Jesosy ianareo. Andalana ho any amin'ilay tany nampanantenaina ianareo.

¹¹⁸ Tsaroako aho nitsangana tany, Rahalahy Collins, telopolo taona lasa teo izay, raha mbola tsy voarina ity fiangonana ity. Fivoriana tao anaty tranolay kely nipetraka teto amin'ny zorony teto izany, ny fivoriako voalohany. Nitory an'ity Filazantsara iray ihany ity aho, zavatra iray ihany, ireo harena tsy mety lany an'i Kristy, ny batisan'ny rano amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mino ny Teny tsirairay ho ny Fahamarinana, ny batisan'ny Fanahy Masina, ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, ireo herin'Andriamanitra, tahaka ny itoriako Azy mihitsy ankehitriny, tsy nivily inch iray tamin'Izany

mihitsy. Nanambara betsaka an'Izany tamiko Andriamanitra, noho izany, araka ny Anambarany an'Izany, no hanohizako mitondra an'Izany fotsiny. Tsy manaisotra avy amin'izay efa nisy mihitsy Izy, manohy manampy betsaka eo amin'Izany fotsiny Izy.

¹¹⁹ Nitsangana tany aho rehefa olona teo amin'ny dimanjato teo no nitsangana teo amin'ireo morona, nihira hoe, "Eo amin'ny moron'i Jordana misy tafio-drivotra no ijoroako, sy mampibanjina ny maso feno faniriana, mankany amin'i tany Kanana tsara tarehy sy sambatra, izay itoeran'ireo fananako. Rahoviana aho no hahatratra an'io morona feno fahasalamana io ka ho sambatra mandrakizay, rahoviana aho no hahatratra ka ho ao amin'ny an'ny Raiko. . . ary hitsahatra mandrakizay?" Rehefa nanomboka nihira an'izany izy ireo, dia nitondra zazalahy iray aho hiditra tao amin'ilay renirano mba hanao batisa azy tany tamin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Hoy aho hoe, "Ray any An-danitra, raha mitondra an'ity zazalahy ity eo Aminao aho eo ambonin'ny fiaikeny. . ." Zazalahy iray fotsiny, ny tenako, manana an'ireo sarin'izany aho any antrano. Hoy aho hoe, "Rehefa manao batisa azy amin'ny rano aho, Tompo, eo ambonin'ny fiaikeny, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ilay Zanak'Andriamanitra, dia Ianao anie hameno azy amin'ny Fanahy Masina." Ary saiky tamin'io fotoana io dia nisy Zavatra nanao fihodinkodinana iray, ary indro Izany fa tonga nihodinkodina nidina, ilay Kintan'ny Maraina sy Mamiratra no nitsangana teo. Nitsangana teo io Hazavana izay hitanareo mihitsy eo amin'ny sary eo io. Nitsangana teo Izany.

¹²⁰ Nandeha nanerana an'izao tontolo izao Izany, hatrany Canada sy manerana. Hoy izy ireo hoe, "Hazavana mahagaga iray no miseho eo ambonin'ny mpitoriteny Batista iray eo antoerana raha teo am-panaovana batisa izy."

¹²¹ Andro vitsy lasa izay, rehefa nanatona ahy Dokotera Lamsa, ary tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an'izany mihitsy, ka nitondra sary iray ho ahy, fa manana an'izany ilay rahalahy ankehitriny miaraka aminy eo. Manana an'io sary io ve ianao? Manana ny Baiboly miaraka aminao ve ianao, mipetraka eo, ao anatin'ny bokinao ve ilay izy? Eny àry. Nisy sary iray an'ilay famantarana Hebreo fahiny an'Andriamanitra tao, ilay nisy tamin'ny andron'i Joba marina tokoa, talohan'ny hany nanoratana ny Baiboly. Andriamanitra ao amin'ireo Toetrany telo, fa tsy andriamanitra telo. Andriamanitra anankiray ao amin'ny toetra telo. Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, asa telo izay niasan'Andriamanitra. Tsy andriamanitra telo, fa toetra telo! Ary Izany ilay izy. Rehefa io lehilahy malaza io, Dokotera Lamsa, ilay fandikana ny Baiboly Lamsa, rehefa nilaza izy tamin'io maraina io. Rehefa noteneniko taminy izany, hoy aho hoe—hoy aho hoe, "Inona io famantarana io?"

¹²² Hoy izy hoe, “Io no famantaran’Andriamanitra fahiny, ao amin’ny Hebreo. Andriamanitra, Andriamanitra anankiray ao amin’ny toetra telo.”

Hoy aho hoe, “Tahaka ny hoe Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina ve?”

¹²³ Nijanona izy, ary napetrany ny kaopin-kafeny, nijery ahy izy. Gene, mino aho fa tany ianao, Leo. Hoy izy, “Mino an’izany ve ianao?”

Hoy aho hoe, “Amin’ny foko rehetra.”

¹²⁴ Hoy izy hoe, “Omaly hariva, nitsangana tao amin’ny fivoriana aho, Rahalahy Branham, hitako io famantarana io. Tsy mbola nahita an’izany mihitsy aho tany aloha teto Amerika, ao amin’ny taniko.” Hoy izy hoe, “Ireo vahoaka Amerikana dia tsy mahafantatra ny Baiboly akory aza. Ny zavatra tokana fantatr’izy ireo dia ny anaram-piangonany. Tsy fantatr’izy ireo akory aza hoe aiza no ijoroan’izy ireo.” Hoy izy, “Tsy mahafantatra na inona na inona izy ireo.” Hoy izy hoe, “Fa rehefa nitsangana tany aho omaly hariva,” hoy izy, “hoy aho hoe. . .” Ankehitriny, Rahalahy Gene, milaza fotsiny an’izao miaraka amin’ny fanajana sy fitiavana sy ny tahaka an’izany aho. Hoy izy hoe, “Hoy aho hoe, ‘Tsy maintsy ho mpaminany iray io.’ Fa rehefa hitako fa ianao dia mino hoe Ray, Zanaka ary Fanahy Masina dia tsy andriamanitra telo, ireo toetra izany, tamin’izay fotoana izay dia fantatro fa mpaminanin’Andriamanitra ianao, raha tsy izany dia tsy ho voambara tamin’izany tahaka an’izany ilay izy.” Hoy izy hoe, “Famantarana tanteraka iray izany.” Hoy izy, “Izaho tsy mbola mihitsy. . .” Hoy izy, “Tsy an’ny tokana ve ianao?”

¹²⁵ Hoy aho hoe, “Tsia, tompoko. Tsy an’ny tokana aho. Izaho dia mino an’Andriamanitra ho ilay Andriamanitra Tsitoha, ary ireo toetra telo dia ireo asa telo fotsiny izay ipetrahan’Andriamanitra anankiray.”

¹²⁶ Hoy izy hoe, “Ho tahiana anie ny fonao!” Hoy izy hoe, “Indray andro any dia handraraka ny ranao amin’ny tany ianao ho an’izany, saingy,” hoy izy, “ireo mpaminany dia maty foana ho an’ireo anton’izy ireo.”

¹²⁷ Dia hoy aho hoe, “Ho tanteraka anie izany, raha izany no mahafaly ny Tompoko.” Ilay fandikana an’ny Baiboly Lamsa.

¹²⁸ Oh, tena marina izany. Impiry, araka ny lazaiko amin’ity fiangonana ity, tahaka ny nolazain’i Samoela talohan’ny nifidianan’izy ireo an’i Saoly, “Alohan’ny handehananareo ka hikambananareo amin’ny anaram-piangonana iray ankehitriny, ka hanao ny tenanareo ho voafatotra tanteraka ao amin’ny karazana fivavahana iray, dia nahoana no tsy avelanareo hitarika anareo ny Fanahy Masina?” Nahoana no tsy mandray an’Andriamanitra ho Mpitarika anareo ianareo ka hamela Azy hitahy anareo, ary hanadino ny mikasika ny anaram-piangonanareo. Ankehitriny, tsy milaza aho hoe aza mikambana

amin'ny fiangonana anaram-piangonana iray, mikambàna amin'ny anankiray izay tianareo hikambanana. Miankina aminareo izany. Fa miteny aminareo aho, amin'ny maha-isambatan'olona, avelao ny Fanahy Masina hitarika anareo. Vakio ny Baiboly. Ary izay lazain'ny Baiboly hatao, dia ataovy izany. Andriamanitra hitahy anareo.

¹²⁹ Ary ankehitriny dia niandry ela be aho. Manontany aho raha misy ato izay te-handalo eo amin'ny laharam-bavaka mba hivavahana. Raha misy izy ireo, dia hanangana ny tãnany ve izy ireo. Izao fotsiny iray, roa, telo. Eny àry. Manatòna eto avy hatrany ianareo ka mitsangàna eto arak'izany raha sitrakareo, amin'izao fotoana izao, ary—ary hanao vavaka isika. Ary avy eo isika dia . . . Tsy mbola tiako handeha ianareo. Te-hanao zavatra hafa ofisialy aho eto alohan'ny—ny hamaranantsika mihitsy.

¹³⁰ Firy no tia ny fianarana ny Bokin'ny Galatiana . . . oh, Efesiana no tiako lazaina? Ankehitriny, amin'ny Alarobia hariva, dia hiditra ao amin'ilay Tombokase isika. Ary avy eo amin'ny Alahady heriny maraina, dia hiditra ao amin'ilay fametrahana ara-toerana an'ilay fiangonana isika. Oh, raha . . . hiditra eo amin'izany angamba isika, amin'io Alarobia hariva ho avy io, ho anareo olona eto Jeff eto. Fametrahana ara-toerana an'ilay fiangonana izay misy azy ireo, ny tsirairay avy. Ahoana fa isika dia nantsoina tamin'ny alàlan'ny fananganan'anaka. Andriamanitra no nanangana antsika mba ho zanaka, zanaka amin'ny alàlan'ny fahaterahana isika. Natsangana ary napetraka ara-toerana tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina. Jereo! Izy ireo dia Hebreo ny tsirairay avy, rehefa niampita an'ilay renirano, saingy Josoa dia nizara an'ilay tany ka nanome ho an'ny tsirairay avy ny taniny araka ny tenin'ny reniny teo amin'ny fahaterahana, izay notenenin'ny Fanahy Masina taminy.

¹³¹ Jereo Jakoba rehefa teo am-pahafatesana izy, mpaminany iray, jamba, nampakatra ny tongony teo am-pandriana, nanao hoe, “Manatòna ianareo zanak'i Jakoba ka ho teneniko aminareo izay hisy anareo amin'ny andro farany.” Voninahitra! Oh, fantatro fa mety toy ny hafahafa aho. Mety ho toy ny hafahafa ny olona. Fa, oh, raha fantatrareo fotsiny manty ilay—ilay antoka, ilay—ilay mirehitra ao am-po! “Manatòna ka hoteneniko aminareo izay hisy anareo amin'ny andro farany.” Ary afaka maka an'io Soratra iray io ihany aho, ka maka an'ilay sarintany izay ipetrahan'ireo Jiosy androany ary hanaporofa aminareo fa izy ireo dia eo amin'ilay toerana iray ihany marina tokoa izay nolazain'i Jakoba fa hisy azy ireo amin'ny andro farany. Ary izy ireo tsy mbola mihitsy, teo, tsy mbola teo amin'io toerana io mandra-piverin'izy ireo hatramin'ny fahafito May, 1946, ny hariva izay nisehoan'ilay Anjelin'ny Tompo tamiko tany ary nilaza ny amin'ity asa ity. Ary afaka maneho aminareo aho fa, rehefa niverina tao amin'ilay tany vaovao izy ireo, dia

nitoetra marina tokoa tao amin'ireo toerana izay nolazain'i Jakoba fa hipetrahan'izy ireo. Ary indro izy ireo fa mipetraka any androany. Oh, oh, oadray, oh, oadray! Andro iray akaikin'ny Trano isika, izay ihany.

¹³² Ianareo olona malala, marary ianareo, raha tsy izany dia tsy hitsangana eo mba hitsangana fotsiny ianareo. Rahalahinareo aho. Manana fanirahana iray avy amin'Andriamanitra aho mba hivavaka ho an'ny marary. Tsy hoe araka ny...hoe manana fahefana hanasitrana aho, tsy manana aho. Fa manana fahefana an'ny vavaka aho. Araka ny nolazaiko aninkeo maraina, Davida dia tsy nanana afa-tsy antsamotady kely iray, saingy hoy izy hoe, "Fantatro izay hataon'izany miaraka amin'ny herin'Andriamanitra eo aminy." Hitanareo? Manana vavaka kely iray fotsiny aho hatolotra ho anareo, sy ny tânako hapetraka eo aminareo, saingy fantatro izay hataon'ny finoana an'Andriamanitra. Efa natao izany tamin'ireo hafa, hanao izany ho anareo. Minoa an'izany ankehitriny raha mandroso ianareo, akaiky kely kokoa an'ilay toerana.

¹³³ Ankehitriny, dia manontany aho, mba hanaovana an'ity ho tena misy fiantraikany, raha tsy hangataka ny rahalahiko aho ho tonga eto ka hanosotra diloilo azy ireo. Hataonao ve izany, Rahalahy Neville? Hangataka ny fiangonana aho raha hiondrika ao amin'ny vavaka ianareo.

¹³⁴ Tsarovy ankehitriny, tamin'ny herinandro lasa rehefa tena narary tamin'io menaka castor ratsy io aho, dia ho nanolotra mihitsy ny zavatra rehetra aho raha nisy olona iray ho tonga ka hametra-tânana teo amiko. Raha afaka nahazo olona iray nandalo aho, izay notahiana sy nampian'Andriamanitra, dia ho tena nankasitrahako izany. Ianareo rehetra no mahatsapa ankehitriny tahaka ny tsapako tamin'izany. Tsapanareo ankehitriny fa mila ahy ianareo hanao mihitsy tahaka ny nilako olona iray hanao ho ahy tamin'izany. Andriamanitra anie handrara mba tsy hialako amin'ilay asa mihitsy. Avelao aho isan'andro, na reraka aho, na vizaka, na zara aza aho raha afaka mamindra tongotra iray eo alohan'ilay hafa, avelao aho handeha, satria hihaona amin'ny tsirairay avy aminareo indray aho, any amin'io Tany any io.

¹³⁵ Noho izany ianareo vehivavy antitra, lehilahy antitra indrindra, trotraka, volo fotsy sy miha-mihintsana, ary milatsaka potipotika tahaka ny raozy iray izay manokatra ny tsimoka keliny, mandraraka an'ireo ravim-boninkazony ary miha-malazo, ho lasa potipotika fotsiny ianareo, sa tsy izany? Marina izany. Izao fotsiny...Ary ny zavatra tokana tianareo hijanonana miaraka dia ny hamiratra ho an'ny voninahitr'Andriamanitra. Noho izany rehefa nandramby anareo ilay fahavalo ankehitriny ka nitsoaka, dia tonga aho miaraka amin'ny antsamotadin'Andriamanitra, miaraka amin'ny finoana iray, miaraka amin'ny fanomezam-

pahasoavana iray izay nomen'Andriamanitra ahy. Ity no nolazaiko, mba hahazoanareo azy. Hoy aho hoe, “Raha niditra fotsiny i Petera, na ny sasany tamin'izy ireo.” Aza milaza an'izany. Tsy mila mivavaka ho ahy ianareo. Miditra fotsiny tahaka an'izao, ka milaza, ohatra amin'ity vehivavy ity, milaza hoe, “Ianao ve no Ranabavy *Ranona-sy-ranona*?” Iza no anaranao? Ranabavy Howard. Milaza hoe, “Ianao no Anabavy Howard. Mpino iray ve ianao, Ranabavy Howard? Mino ianao. Mpino iray ianao. Noho izany, hitanao, manana zò amin'ny fitahiam-panavotana rehetra ianao.” Noho izany dia hilaza aho hoe, “Ranabavy Howard, ho mety tsara ny zavatra rehetra,” dia handeha. Oh, ahoana. . . Hoy aho hoe, “Hiantsoantso aho, hihikiaka aho.” Hilaza aho hoe, “Tompo, hiseho fotsiny izany. Hiseho fotsiny izany.”

¹³⁶ Dia nieritreritra aho hoe, “Eny, ny olona dia mieritreritra an'io zavatra iray io ihany rehefa tonga hivavaka ho azy ireo aho.” Noho izany dia izay ilay izy. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

¹³⁷ Ary nitsangana aho, matetika, ka nitondra ny olona, ary nanao hoe, “Oh, ranabavy sarobidy, hino an'Izany ve ianao? Oh, hino an'Izany ve ianao?” “Tompo, O Andriamanitra, ataovy mino an'Izany izy ireo. Asaivo mino an'Izany izy ireo.” “Oh, azafady, hanaiky an'Izany ve ianao ankehitriny?” Tsy izany ilay izy. Efa nihoatra an'izany aho. Efa nihoatra lavitra an'izany aho.

Milaza fotsiny an'izao aho, “Ranabavy Howard, mpino iray ve ianao?”

“Eny, mpino aho.”

¹³⁸ “Eny àry, Ranabavy Howard, raha mpino iray ianao, dia mpandova ny zavatra rehetra izay ananan'Andriamanitra.” Dia mandray ny tànany fotsiny. Hitanareo, mino an'izany aho. Mifandray amin-dRanabavy Howard amin'ny alàlan'ny fametrahana ny tànako eo aminy aho. Tsy nilaza mihitsy Jesosy hoe “mivavaha ho azy ireo,” hoy Izy hoe, “Mametraka ny tànany eo amin'izy ireo fotsiny.” Izay ilay izy, avy eo dia sitrana izy. Afaka milaza izy hoe, “Ho mety tsara ny zavatra rehetra,” Ranabavy Howard. Noho izany dia afaka mody any an-trano ianao ka ho salama. Andriamanitra hitahy anao.

¹³⁹ Ianao no anabavy. . . [Hoy ilay anabavy hoe, “Hampton.”—Mpand.] Ranabavy Hampton, mpino iray ianao, sa tsy izany? [“Mpino aho.”] Mpandova ny zavatra rehetra izay Natolony ianao. Homba anao anie Andriamanitra, Ranabavy Hampton. Mandehana mody ary aoka ho salama ankehitriny. Jesosy Kristy hanasitrana anao.

¹⁴⁰ Ianao no anabavy. . . [Miresaka ilay anabavy—Mpand.] Slaughter. Izany hoe. . . Ianao ilay anankiray izay nivavahanay tany amin'ny hopitaly. Mpino iray ianao, arak'izany, Ranabavy Slaughter, mpandova an'izay rehetra angatahantsika. Ranabavy

Slaughter, enga anie ianao hahazo an'izay nangatahanao, ka ho salama. Andriamanitra hanaiky an'izany ho anao.

¹⁴¹ Rahalahy Gene, mino ve ianao fa Andriamanitra hanome anao? [Hoy Rahalahy Gene hoe, “Eny, tompoko. Eny, tompoko.”—Mpand.] Ary enga anie ny Tompo Andriamanitra hanome anao, Gene, izay angatahanao marina tokoa! . . . ? . . .

¹⁴² Fantatro ianao. [Miresaka ilay anabavy—Mpand.] Mpino iray ianao, ranabavy. [“Oh, eny.”] Fantatro ianao. Vadinao io etsy io. Izy ilay anankiray izay nivavahako teo amin'ny telefona tamin'io andro io. Tsaroako foana izany. Tsy afaka nandeha tany amin'ny fivoriana tany Tulsa izy. Tonga tao amin'ilay fivoriana izy. Ary nanasitrana azy ny Tompo, ka nandefa azy nankany amin'ilay fivoriana. Nohon'ny fanomezan-dàlana dia mitsangana ho an'ny olon-kafa iray ianao. [“Ny zanaky ny iray tampo amiko.”] Zavatra Kristiana toy ny inona izany, ranabavy! Hitanao? Izy dia nohon'ny fanomezan-dàlana ihany koa. Nitsangana ho antsika rehetra Izy. Mpino iray ianao ary manana zò amin'ny zavatra rehetra izay nampanantenain'Andriamanitra. Izaho dia Mpanompony. Ary amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no anomezako anao an'izay angatahanao. [“Mino an'izany aho.”]

¹⁴³ Avia, Rahalahy Neil. Andriamanitra hitahy anao. Efa tena tsara taminao. Mpino iray ianao. Fantatro fa izany ianao. Mino aho fa Andriamanitra hanome anao ny zavatra rehetra izay angatahanao, satria mpino iray ianao. Ary amin'ny maha-Mpanompony, ho anao, ry rahalahiko, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, dia omeko anao ny fanirian'ny fonao. Mandehana ka raiso izany. Andriamanitra hitahy anao.

¹⁴⁴ Ranabavy Bruce, fantatro ianao. Ilay mpampivelona kely izay nikosoka ny lamosiko dia nahafantatra anao. Izy dia avy any akaikin'ilay Motel JJ, Twin J, na zavatra tahaka an'izany. Hitsangana ho an'ny hafa ianao. Ary inona no fanirianao avy amin'ny Rainao izao hariva izao? [Hoy Ranabavy Bruce hoe, “Ho an'ny tenako, izao hariva izao.”—Mpand.] Ho an'ny tenanao, izao hariva izao. [Miresaka indray Ranabavy Bruce.] Noho izany, ilay fahavalo no nanosika anao tany ankoatry ny fahatakarany dokotera, saingy manaraka anao aho, miaraka amin'ny antsamotady iray. Ary amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, atsipiko ilay zana-tsipikan'ny antsamotady mankeo amin'ilay vato izay niditra tao anatin'ireo voa izay tsentsina. Izany no hamerina anao amin'Andriamanitra, hankao an-TRANONY.

Nangataka Taminao izahay, tamin'ny alàlan'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

¹⁴⁵ Ianao ve no rain'ity lehilahy ity, tompoko? Mpino iray ve ianao? [Miresaka ilay rahalahy—Mpand.] Hernia iray ao amin'ny valahanao; ambany, ary eo amin'ny valahanao ankavia. Mino ve ianao fa Andriamanitra dia hanome an'izany ho anao, tompoko, sy amin'ny maha-Mpanompony?

146 Tompo, ity t̄anana ity angamba dia efa nanao asa sarotra maro isan'andro. Tonga eto izy ho an'ny tanjona iray, zavatra iray hatao. Omeo azy, ny fanirian'ny fony, Ray, raha mivavaka amin'ny Anaran'i Jesosy aho mba Hanomezanao. Amena.

147 Aza misalasala. Hijanona tsy hamparary anao ao ambany ao io hernia io, ka ho mety tsara ianao. Andriamanitra hitahy anao rahalahy.

148 [Hoy ny anabavy iray hoe, “Mankarary ny lohako sy ny tendako. Mankarary ny taolan-tratrako rehefa mikohaka aho. Tsy afaka mihira aho. Tsy afaka manao na inona na inona aho. Izaho . . . ? . . . Ary tsy afaka matory loatra aho. Tsy afaka manao na inona na inona akory aza.”—Mpand.] Mpino iray ianao, sa tsy izany? [“Mpino aho. Nofenoina ny Fanahy Masina aho.”] Mpino iray ianao. [Fantatro fa mitoetra ao anaty Andriamanitra.”] Ary ianao dia—ianaosy dia mpandova an'ireo fitahiana rehetra ireo. [“Fantatro. Ary mino aho. Mino ny vavakao aho, Ranadahy Branham. Mino aho fa hanasitrana ahy Andriamanitra. Mino aho fa mamaly ny vavakao Izy.”] Misaotra anao.

149 Ray, mitondra an'ity aho, ny anabaviko, ao amin'ny laharan'ny afo, ao afovoan'ilay fikendry. Ary mitondra azy miverina aminao aho, avy tamin'ny fangejan'ny fahavalo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

150 Ho tahaka an'izany mihitsy ilay izy. [Hoy ilay anabavy hoe, “Eny, Ranadahy Branham.”—Mpand.]

151 [Hoy ny anabavy iray hoe, “. . . ? . . . Manana avokavoka iray izay teo am-pahafatesana aho, ary maty ny anankiray.”—Mpand.] Fandidiana avokavoka iray.

152 O Tompo, satria mitsangana eto ity vehivavy tanora ity, mbola ao anatin'ny fivelaran'ny hatanorana, mivavaka ho azy aho. Ary ny avokavoka iray izay tsy maintsy esorina, dia hanjoko izy, amin'ny sisa amin'ny fiainany. Ianao no Rainay, ary mandefa an'ilay afon'ny vavaka mahitsy mankany aminy aho, Tompo, mahitsy avy hatrany mankany amin'io avokavoka io. Mandefa an'izao vavaka izao amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy aho. Enga anie izany hahavoana an'io avokavoka io ka hanasitrana an'izany. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no angatahako an'izao. Amena.

153 Ianao no Ranabavy. . . [Hoy ilay anabavy hoe, “Ranabavy Gibbs.”—Mpand.] Ranabavy Gibbs. [“Ao amin'ny loha mihitsy, ary tratry ny fanaintainana mikasika an'izany.”] Marina tokoa. Nafenina tamiko ny lohanao. Mpino iray ianao ary mpandova ny fitahian'Andriamanitra rehetra, Ranabavy Gibbs.

154 Tompo, mitondra azy eo Aminao aho, miaraka amin'ity antsamotady kely izay Nomenao ahy ity, tahaka ny Nanomezanao antsamotady iray an'i Davida, mba hiambina ny ondrin'ny rainy. Ary raha tonga nanenjika ny ondry ilay fahavalo, dia tsy natahotra izy. Norambasany io antsamotady kely io ka nenjehiny avy hatrany ireo liona sy—sy bera, ary

nentiny niverina ilay ondry. Ity dia vavaky ny finoana iray. Ianao no niteny tamiko fa raha izaho no “mitondra ny olona hino ka ho tso-po.” Mitondra an-dRanabavy Gert miverina aho izao hariva izao. Rombahiko avy amin’ny tanaan’ily fahavalo izy. Ondrinao izy. Mitondra azy miverina eo amin’ny valan’ondrin’ny Ray aho, amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy. Amena.

¹⁵⁵ [Hoy ny anabavy iray hoe, “Ranabavy Lowe.”—Mpand.] Ranabavy Lowe. [“Tratry ny tosi-drà aho.”] Tosi-drà avo. Ary mpino iray ianao, sa tsy izany, Ranabavy Lowe? Mpandova ny fitahiana rehetra.

¹⁵⁶ Noho izany, Andriamanitra Ray, mandefa an’ity vavaka ity aho izao hariva izao, toy ny avy amin’ny antsamotadin’Andriamanitra, ho an’ny tosi-drà avo an-dRanabavy Lowe. Ary enga anie amin’ny fotoana manaraka izay hakan’ily mpitsabo ny tosi-drà, dia enga anie izy hijery azy ka hanao hoe, “Ara-dalàna ilay izy ankehitriny.” Ho fantany izay nanao an’izany. Amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, no anomezako an’izany ho azy. Amena.

¹⁵⁷ [Miresaka amin-dRahalahy Branham ny rahalahy iray—Mpand.] Eny. Maniry aho ny hanana ny dadako ho eto izao hariva izao, mba ahafahako manolotra vavaka ho azy izao ankehitriny izao. Izaho dia hanao ho an’ny anao, ihany koa. Azoko.

¹⁵⁸ Ray any An-danitra, ilay lehilahy izay niteraka an’ity zazalahy ity, ka eto an-tany eto izy izao hariva izao nohon’ny aminy. Ary ireo fanirian’ny zananilahy manokana dia ny hamerenana ny rainy; any ivelany any amin’ny tontolon’ny fahotana, alikaolika. O Tompo, mandefa an’ity vavaka ity miaraka amin’ny finoana sy ny hery aho, ary miaraka amin’izay rehetra azoko anipazana azy, ity vato kilonjy kely ity, amin’ny Anaran’ny Tompo Jesosy. Manipy an’izany amin’io devoly izay nanao an’io zavatra io ho tratra any aho. Ary enga anie hiala izany. Ary enga anie izy ho tonga soa aman-tsara ao amin’ily valan’ondry, amin’ny Anaran’i Jesosy. Amena.

¹⁵⁹ [Hoy ny rahalahy iray hoe, “Mivavaha ho ahy, Rahalahy Branham, mba hahazo ny Fanahy Masina. Te-handray ny Fanahy Masina aho. Tsy maintsy aho. Manana faniriana iray aho. Tsy maintsy mandray ny Fanahy Masina aho.”] Manana faniriana iray handray an’izany ianao. Te-hiditra ao amin’ily Tany izay misy an’ireo teny fikasana rehetra ianao. [“Eny.”]

¹⁶⁰ Ary ankehitriny, Tompo, ity zazalahy ity dia miampita an’ily renirano fotsiny, nitoby teny amin’ny ilany hafa, nefa tondraka i Jordana. Ary tsy misy fomba hiampitany raha tsy ianao no manao lâlana iray tahaka ny Nataonao ho an’i Josoa sy ho an’ny Isiraely. Ary, Ray, mangataka Aminao aho, amin’ny maha-Mpanomponao, avelao ity rahalahy sarobidy ity, O Andriamanitra, avelao izy hiditra ao amin’io Tany

nampanantenaina io, io teny fikasana io. Ka, eny amin'ilay ilany hafa, tahaka ny nitondrana ahy indray hariva, dia enga anie aho hanana an'ilay tombontsoa handramby azy ary hanipy ny sandriko manodidina azy, ao amin'ilay Tany hafa, hanao hoe, "Ny rahalahiko sarobidy." Ekeo izany, Tompo. Enga anie izy handray ny teny fikasan'Andriamanitra, ny Fanahy Masina. Amena.

¹⁶¹ O Tompo, ho an'ity, ny rahalahiko tsara fanahy; ity tana izay efa tsara fanahy tamiko ity, ary efa nanao zavatra ho ahy, izay tsy hay lazaina. Mino izy ary manana finoana. Ary ankehitriny ny fahavalo iray dia miezaka handramby an'ity, ny sakaizako; siramamy; ary mihevitra izy fa izy—izy dia afaka handramby an'ity zazalahy ity. Fa manenjika azy aho. Avy aho, hamerina ny Anao manokana, Tompo, mandefa an'ity vato ity miaraka amin'ny finoana eo amin'ny aotra iray. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy no amelezako an'io diabetan-tsiramamy io! . . . ? . . . ny rahalahiko. Avereno ao amin'ny valan'ondry ny Ondrinao manokana, Ray, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

[Miresaka amin-dRahalahy Branham Ranabavy Bell—Mpand.]

¹⁶² O Tompo, fantatry ny anabavinay fa io lanja tafahoatra io no, araka ny nolazain'ny dokotera, no zavatra izay mamono anareo. "Ny livatra tsirairay, lanja tafahoatra, dia manala taona iray," araka ny sarisarin'ny fiantohana. Ary te-ho velona izy ho an'ny voninahitra sy ny dera ho an'Andriamanitra. Ary tsy misy dokotera afaka mahavita an'izany, Andriamanitra Ray. Izany fotsiny dia eo—eo an-Tànanao. Ary efa tena nahatoky Ranabavy Bell. Ary efa tsara fanahy sy nanaja izy tao anatin'ireo fizahantoetra, teo am-pandalovana. Nandalo fizahan-toetra lalina maro izy. Tonga ho azy aho izao hariva izao, Tompo. Tonga aho hihaona amin'io fahavalo any io. Mikendry miaraka amin'ny fahitsiana rehetra izay azoko hikendrena aho. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy no hanipazako an'ity vaton'ny finoana ity any amin'ilay fahavalo izay nahazo azy. Enga anie hanaparitaka azy izany, ary hampandositra azy hiala aminy, ka ho afaka ny haverina indray eo amin'ireo ahi-maintso malokaloka sy rano velona izy, amin'ny alalan'i Jesosy Kristy. Amena.

Ho tanteraka izany, Ranabavy Bell. Aza misalasala fotsiny.

¹⁶³ Ranabavy Spencer. [Hoy Ranabavy Spencer hoe, "Ranadahy, Ranadahy Bill, tiako tsaratsara kokoa foana amin'ny andro tsirairay izay ahavelomako ny Tompo. Ary efa roapolo taona no nahatongavako teto, ato amin'ity toerana ity. Ary efa sitrana saiky tamin'ny zavatra rehetra izay hany nanelingelina ahy aho. Tsaroanao ny rehetra amin'izany, ary . . . ? . . ."—Mpand.] Tsaroako tokoa, ranabavy . . . ? . . . ["Ary nitahy ahy betsaka tokoa Izy! Ary tiako tsaratsara kokoa hatrany Izy, amin'ny andro tsirairain'ny fiainako. Fantatro fa manana fiainana mahafinaritra ao amin'ny Tompo aho."] Mino an'izany aho,

Ranabavy Spencer. [“Sambatra aho. Sambatra aho! Raha tsy izany no Fanahy Masina izay azoko, izaho dia—dia mbola eo amin’ny alitara foana aho ho an’ny zavatra rehetra izay Ananany ho ahy. Ary ho faty eo amin’ny alitara aho.”] Amena. [“Teo no nilako an’ily fanokafam-baravarana, ny maty eo amin’ny alitara miaraka amin’i Jesosy.”] Amena. Andriamanitra, ekeo ho azy izany. Amena. [“Ary ho teneniko aminao izay tiako hataonao. Ary teny amin’ny lalana, dia nitondra fotsiny ny fianakaviana manontolo niditra niaraka tamiko. Fa mila ny fianakaviako manontolo aho, fantatrao.”] Azoko. [“Mila an’ireo malalako ho voavonjy aho.”] Ireo zanakao. Marina izany. [“Ary ireo zanako.”] Eny, madama. [“Ary ny ankohonako.”] Eny, tompoko. Fantatro izany. [“Manana ny fihetseham-po aho fa mety tsara izy rehetra.”] Eny. [“Ianao no nivavaka ho anay.”]

¹⁶⁴ Mahafantatra tsara an-dRanabavy Spencer isika rehetra, ary mahafantatra hoe ahoana no niaretany sy Rahalahy Jess an’ily fahasarotana, fa teo no nahatongavany nandalo teto amin’ny fiangonana teto. Rehefa miampita any amin’ily ilay hafa aho, dia tsy hijakojoiko tahaka an’izao intsony izy ireo. Ho tanora izy ireo. Oh! Rahalahy Jess, raha izaho fotsiny . . . ? . . . fantatrareo. Ary noho izany dia fantatrareo rehetra hoe ahoana, izao fotsiny—eny am-pitan’ily kely fotsiny . . . ? . . . any, miverina amin’io zazavavy tanora maha-te-ho tia io indray ianao, ary i Rahalahy Jess ho zazalahy tanora. Andriamanitra no nampanantena anareo.

¹⁶⁵ Ankehitriny, jereo. Te-hanome anareo fampianarana iray kely bitika fotsiny aho, satria ianao no farany eto, ka tiako ny hanome.

¹⁶⁶ Satria, fantatro fa ity zanaka lahy kelinao ity, Charlie. Tianao hivavahana ve izy? [Hoy Rahalahy Charlie hoe, “Eny.”—Mpand.]

¹⁶⁷ Tiako ny hilaza an’ity zavatra anankiray ity. Efa mba novakianareo tao amin’ny Soratra ve izay nilazan’ny Baiboly an’ity? Niteny tamin’ily Kapiteny Romana i Paoly.

Afaka mandre ahy tsara mihitsy ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.]

¹⁶⁸ Niteny tamin’ily Romana, rehefa namoaka ny sabany izy, mba hamono ny tenany, teo amin’i Filipo fony izy tao amponja. Ary nanozongozona ny fonja ilay horohorontany. Hoy izy hoe, “Minoa an’i Jesosy Kristy Tompo, dia hovanjena ianao sy ny ankohonanao.” Efa mba mandre an’izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] “Ianao sy ny ankohonanao.” [“Amena.”] Ankehitriny, jereo. Raha manana finoana ampy ho an’ny famonjena ny tenanareo ianareo, dia tsy afaka hanana finoana ampy ho an’ny ankohonanareo ihany koa ve ianareo? [“Amena.”] Andriamanitra, amin’ny fomba iray, no hanao an’izany.

169 Ary, Tompo, mivavaka ho an-dRanabavy Spencer sy Rahalahy Spencer aho, izao hariva izao, mba ny ankizy tsirairay, izy ireo sy ireo zanany, ho ao amin'io Tany be voninahitra, sambatra any io daholo izay tsy hisy aretina na tsy hisy fahanterana, tsy misy alahelo na fahadisoam-panantenana, ka ity fiainana kely rehetra eto ity dia ho lefy ao anatin'ny nofy ratsy iray izay nandalo. Enga anie izy ireo handray an'izany, ary eng a nie ireo zanany rehetra, sy ny vadiny, ireo malalany rehetra, sy izay rehetra tia azy, ary izay rehetra tiany, eng a nie izy ireo hiaraka aminy any, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

170 [Hoy Ranabavy Spencer hoe, "Amena. Misaotra anao."—Mpand.] Andriamanitra hitahy anao. ["Ho roa amby valopolo taona aho, tsy ho ela mihitsy."] Roa amby valopolo taona. [". . . ? . . . Saingy miha-torotoro izy ireo, amin'izany taona izany. Fa mbola manao ny fandrahoako rehetra aho, manasa lamba, sy mipasoka, ary manadio ny trano."] Toy ny hoe rava mihitsy izao tontolo izao, Ranabavy Spencer. ["Eny, izany ilay izy. Tena reraka aho, isan'andro. Azon'izy ireo izany. . . Nanontaniako ny reniko, ny renikeliko, izay sivifolo taona, hoe ahoana no tsapanao rehefa miha-antitra ianao, efa ela izay. Hoy izy hoe, 'Rose, angamba ho reraka isan'andro ianao.' Reraka aho."] Eny, vonona ny handeha hitsahatra fotsiny ianao, hitanao. ["Tena reraka aho, isan'andro. Mila fitsaharana aho. Mila an'izany aho."] Eny, madama. ["Ary te-hitsahatra ao amin'ny Tompo aho, mandohalika eo amin'ny lohaliko. Isaky, ny zavatra rehetra izay ilaiko."] Eny. Tehirizo ao Aminy fotsiny ny finoanao, Ranabavy Spencer, dia hiampita ianao. ["Tiako ny ho faty eo amin'ny alitara, amin'ny Anaran'i Jesosy. Izany no tiako ho hita, hany ka manohy miantso Izy."] Ary Izy no nilaza. . . ["Mila ny zavatra rehetra izay Ananany ho ahy aho."] Ary azo antoka tahaka ny itsanganako eto tahaka an'izao miaraka aminao, izao hariva izao, Ranabavy Spencer, nohon'ny Fahasoavany dia hahita anao sy Jess aho eny ampitan'ilay morona any, tanora sy salama. Hihazakazaka ianareo rehetra, hiantsoantso hoe, "Ny anadahiko! Ny anadahiko!" ["Eny."] Hahita anao aho.

Ireo hozany.

171 Andriamanitra Ray, tratra ny fikorontanana iray ity zazavavy ity, ary any ivelan'ny fahatakarany fitsaboana izy. Ny azy fotsiny sisa, no misakana. Fa tonga ho azy aho izao hariva izao. Manatona Anao aho, Ray. Tonga aho, mangataka Anao handefa an'ilay tifitra izay izaho no tsy maintsy, handrehitra. Enga anie izany ho eo amin'ny aotra marina tokoa, ireo fampifanitsiana eo amin'ny lamosiny mihitsy. Enga anie ity vavaka ity, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, hamely an'io fikorontan-taina io ka handrovitra azy ho potipotika, hamerina an'ity ondrin'ny ahi-maintson'Andriamanitra ity. Amena.

Tsy maintsy ho tanteraka mihitsy izany, malala.

¹⁷² [Hoy ny anabavy iray hoe, “Mivavaha fotsiny. Manana zanaka enina aho izay angatahako amin’Andriamanitra mba ho sitranina sy ho vonjena.”—Mpand.]

¹⁷³ Andriamanitry ny Lanitra, ekeo izany, ireo zanany enina izay iriany ho voavonjy. Efa nandre an’io fijoroana vavolombelona an-dRahalahy Daulton io izy, ireo zananivavy maha-te-ho tia. Maniry an’ireo zanany enina izy, Ray. Enga anie izy hahazo azy ireo. Enga anie izy ireo hihaona aminy ao amin’io Tany izay tsy misy alina io, voaaro tsara sy alofan’ny Ràn’i Jesosy Kristy. Amena.

Enga anie ianao hahazo azy ireo, ranabavy, izany no fivavako.

[Miresaka amin-dRahalahy Branham ny anabavy iray—Mpand.]

¹⁷⁴ Mino anao aho. Tsy misy na inona na inona, saiky, afaka hanampy an’izany. Omeny zavatra kely iray izy ireo izay toy ny, oh, zavatra iray tahaka ny acétone. Cortisone iray ilay izy, izany no iantson’izy ireo azy. Izany, mamono anareo izany, saiky. Misintona ny rànareo izany. Fa, jereo. Hitanareo, ilay aretin-kozatra dia tahaka ny liona izay nandramby an’ilay ondry ka nandositra. Ankehitriny, inona no hataon’ny antsamotady iray? Oh, oadray! Misy liona goavana iray, mierona miaraka amin’ny zanak’ondry iray. Ary tiany ilay zanak’ondry, noho izany dia mandositra miaraka amin’ilay zanak’ondry izy. Fa nentin’i Davida ilay antsamotady ka nenjehiny izy. Hitanareo? Diniho ankehitriny. Izy dia nanana vato dimy: f-i-n-o-a-n-a [Amin’ny teny Anglisy f-a-i-t-h—Mpand.], ny tenany, tao a-n-a-t-i-n-y. Ny antsamotadiny dia tao anatin’ity tàmàna ity: J-e-s-o-s-y. Mpitifitra mahafaty iray Izy. Misy zavatra iray tsy maintsy hitranga. Ndao isika hanenjika an’ilay aretin-kozatra, izao hariva izao, amin’ny alàlan’ity vavaka ity. Enga anie Andriamanitra hanome an’izany ho anao.

¹⁷⁵ [Miresaka amin-dRahalahy Branham ilay anabavy—Mpand.] Te-hatao batisa amin’ilay Anarana ve izy? [“Tsia. Tsia. Tsy nilaza an’izany izy.”] Tianao hatao batisa izy. [“Faniriako ny hahita azy vita batisa.”] Misaotra anao, ranabavy. Tsy satria hoe tahaka an’izany ilay izy. Izany dia satria. . . Ankehitriny, raha izany no tao anatin’ny Baiboly, ho an’ny, “Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina,” izaho—hino an’izany aho, hijanona tsara amin’izany aho, ranabavy. Izaho—tsy te-ho hafa mihitsy aho. Izaho—hila an’ilay iray ihany aho. Izaho tsy hamela. . . Izaho—ho tompon’andraikitra ny amin’izany aho, hitanao. Ary tsy maintsy hilaza an’ilay izy mihitsy arak’izay ilazan’*Ity* azy aho; tsy hoe te-ho hafa, fa mba hahitsy fo.

¹⁷⁶ Ankehitriny, Ray, tonga ho an’ireo malalany izahay. Izay tratry ny aretin-kozatra, ary eto izy dia mila azy hatao batisa amin’ny Anaran’ny Tompo Jesosy, satria izany no fidirana.

Izany no vavahady misokatra. Teo no nanokafan'i Josoa làlankely anankiray izay niampita nankany amin'ilay tany nampanantenaina. Tsy nisy toerana roa na telo nisokatra teo; anankiray fotsiny ihany no nisy.

¹⁷⁷ Petera, tamin'ny Andron'ny Pentekosta, rehefa notokanana voalohany ilay Fiangonana, dia nanokatra làlankely iray, nanao hoe, "Mibebaha ny tsirairay avy aminareo ka aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy." Tsy nivily niala tamin'io làlankely iray io ihany mihitsy izy ireo, ny tsirairay avy dia niampita nankany amin'ilay Tany nampanantenaina.

¹⁷⁸ Ny sasany tamin'izy ireo dia nanandrana hiampita, teo amin'ny fiampitana hafa iray, fa hoy i Paoly taminy hoe, "Ho amin'ny inona no nanaovana batisa anareo? Aiza no anandramanareo hiampitana?"

Dia hoy izy ireo hoe, "Eto amin'izay nojeren'i Jaona eto."

¹⁷⁹ Hoy izy hoe, "Eny, Jaona dia nanondro fotsiny ihany an'ilay fotoana, sy ilay toerana." Ary tamin'izay fotoana izay rehefa nandre an'izany izy ireo, dia natao batisa teo amin'ilay fiampitana marina. Ary niampita izy ireo, ka nandray ny Fanahy Masina, tsara.

¹⁸⁰ Ekeo izany ho an'ny anabavinay sy ireo malalany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

¹⁸¹ Rahalahy Lyle. [Hoy Rahalahy Lyle hoe, "Mino aho fa ianao marina tokoa ilay lehibe marina, Rahalahy Branham."—Mpand.] Oh, rahalahy! ["Nandroso...?. . .Tsaroanao ve raha nisy tao amin'ilay nofy, nisy zavatra iray tonga. . .?. . .Raha lazainao ilay nofy, dia mety tsara izany. Izany ilay anankiray izay azoko. Fa, manonofy tsara foana ianao! . . .?. . ."] Eny. Vao haingana izany. ["Eny."] Eny. Faly aho. . .?. . .Andriamanitra hitahy anao. Eo amin'ny làlana mankany amin'ilay Tany nampanantenaina ianao ankehitriny! Hilaza an'izany angamba aho.

¹⁸² Firy no mba mahatsiaro an'izany talohan'ny nanamarinana mihitsy an'ity asam-panompoana ity tamiko, ary izaho nanjono niaraka tamin'ny lehilahy iray indray andro, tany amin'ny renirano iray, ilay farihy? Ary nahazo trondro kely aho, ka tonga teo amiko ny Fanahy Masina. Nisy ny. . .Ity lehilahy ity dia Vavolombelon'i Jehovah iray, efa izany. Ny rahalahiny dia eto any ho any, Banks Wood. Ato izy any ho any, izay mpiaramonina amiko.

¹⁸³ Ity i Lyle. Ary ireo olona ireo dia efa Vavolombelon'i Jehovah. Ary nilaza izy ireo, indray andro rehefa nanjono izahay tany, rehefa avy niova fo io zazalahy io, niteny taminy aho fa nisy zavatra iray tao amin'ny fiainany, sy izay—izay niseho, ary ny rehetra mikasika an'izany. Fa, vao avy niteny tamiko izy ankehitriny, ary vao avy nesoriny niala teo amin'ny fiainany ilay izy ankehitriny, marina izany, na inona na inona ilay izy. Tena marina tokoa izany. Ny rainy no ilay anankiray izay mpa—

mpamaky iray. Eto ve ny dadany izao hariva izao, Billy? [Hoy ny olona iray hoe, “Tsy fantatro.”—Mpand.] Ary izy sy ny vadiny, izy roa, dia natao batisa, mba hijoro vavolombelona amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, teto tao amin’ny dobo. Ary nipetraka teo akaikiko io lehilahy io, indray andro.

¹⁸⁴ Banks, aiza ianao? Eto ve izy izao hariva izao? [Hoy ny olona iray hoe, “Ery aoriana eo amin’ny zorony ery mihitsy.”—Mpand.] Eny aoriana eo amin’ny zorony. Eny.

¹⁸⁵ Ary nanjono izahay. Ary, rahalahy, ary ny zanakolahy kely dia namono . . . Heveriko fa namono saka kely iray izy, andro vitsy talohan’izany. Nanana andiana saka kely iray io renintsaka antitra kely io, ary nitondra azy izy ka nandatsaka azy. Nieritreritra aho . . . Hoy aho hoe, “Hanangana aina kely iray ny Tompo,” ny andro talohan’io. Marina ve izany, Lyle? [Hoy Rahalahy Lyle Wood hoe, “Eny.”—Mpand.] Nipetraka tao amin’ny helodrano iray. Dia hoy aho hoe, “Izany no HOY NY TOMPO HOE.” Ary nanjono ny alina manontolo izahay nefa tsy nahazo na inona na inona.

¹⁸⁶ Ny ampitso maraina, dia nanjono izahay, tao amin’ny helodrano kely iray, ho an’ny mangamaso sasantsasany. Trondro kely izany. Ary nanana hazo lava goavana iray Rahalahy Lyle, ka navelany hitelina an’izany ny mangamaso kely iray, ilay lelam-pitana goavana izay nananany, hany ka, rehefa nosintoniny hivoaka izany, dia nidina tany ambany tanteraka ilay tadim-pitana kely, ilay lelam-pitana goavana, tao anatin’ny kibon’ily mangamaso kely. Ary rehefa nosintoniny hivoaka izany, dia tsy maintsy nisintona an’ireo tsinay sy ny zavatra hafa rehetra hivoaka avy tao amin’ily mangamaso kely fotsiny izy, mba hahazo an’ily izy. Ary nosintoniny hivoaka izy rehetra, satria ilay lelam-pitana goavana dia niraikitra tao ambany tao anatin’ny kibon’ily trondro. Ary rehefa nanao izy, dia natsipiny teo ambonin’ny rano ilay izy. Ary nipararetra fotsiny izy, inefatra na indimy, dia izay no izy, satria nivoaka avy teo amin’ny vavany ireo tsinainy sy ireo vombony. Ary nitsingevana teo izy nandritry ny teo amin’ny antsasak’adiny teo, nitsingevana tao anatin’ireo kirihitra.

¹⁸⁷ Ary nipetraka teo aho, nanjono. Fa tampoka teo, dia tonga ny Fanahy Masina, nanao hoe, “Mitenena amin’io trondro io.”

¹⁸⁸ Hoy aho hoe, “Ry trondro kely, Jesosy Kristy no manome ny ainao indray.” Ary io trondro kely io, nandry maty teo ambonin’ny rano, nivadika teo amin’ny ilany, ary nanao hoe rrrrrroot, nankao anaty rano, haingana mihitsy arak’izay azony nandehanana.

¹⁸⁹ Nipetraka nanatrika Rahalahy Lyle sy Rahalahy Wood. Hoy Rahalahy Lyle hoe, “Rahalahy Branham, nahakasika ahy izany, satria izaho no niteny tamin’ily kely . . .

¹⁹⁰ [Miresaka amin'i Lyle Wood Rahalahy Branham—Mpand.] Izao hariva izao, dia afaka miteny amin'izy ireo an'izay nolazainao ve aho? [Hoy Rahalahy Lyle Wood hoe, “Azo antoka afaka ianao. Mety tsara izany, Rahalahy Branham.”]

¹⁹¹ Nilaza izy, rehefa nisintona an'ireo tsinay hivoaka avy tao aminy, natsipiny teo izy, nanao hoe, “Vita tanteraka ny aminao, ry biby kely,” tahaka an'izany fotsiny. Nanipy azy.

Hoy izy hoe, “Izany—nikasika ahy izany.”

Dia hoy aho hoe, “Tsia, Rahalahy Lyle. Tsy izany ilay izy.”

¹⁹² Rahalahy Bank iry aoriana iry, nanao hoe, “Olona firy eto amin'ity izao tontolo izao ity, an'arivony firy, no te-hitsangana eo amin'izay itsanganantsika izao ankehitriny izao, mba hahita ny herin'Andriamanitra midina ary manao zavatra tahaka an'izao!” Amin'ny teny hafa, dia tiany. . .

¹⁹³ Mino aho fa izahay rehetra dia nahatsapa tahaka ny tsapan'i Petera hoe, “Tsara ny mijanona eto. Ndao isika hanorina tabernakely telo.” Hitanareo? Marina izany.

¹⁹⁴ Ankehitriny, Rahalahy Lyle, voahosotry ny Fanahy Masina ianao ankehitriny. Efa niala an'i Egypta ianao. Ireo kapoakan'ny tongolo gasy sy ny loton'izao tontolo izao dia tavela any aoriana. Mitsangana eo amin'ny moron'i Jordana ianao ankehitriny, ery am-pita ery fotsiny. Enga anie handray anao Andriamanitra; Lyle.

¹⁹⁵ Andriamanitra Tsitoha, indro ny Amboaranao. Azo antoka fa tao amin'ny toerana ratsy izy, Tompo, saingy nandeha ho azy ny foko. Nahavao an'ilay tena kapoka mamananala tany mihitsy ny vavakay, ka niala taminy ilay tena zavatra izay nihazona azy. Efa torotoro izany. Ary ankehitriny eo am-pidinana mankany amin'i Jordana izy. [Hoy Rahalahy Lyle Wood hoe, “Misaotra Anao, Jesosy.”—Mpand.] Ento mankany amin'ilay Tany nampanantenaina izy, Tompo. [“Eny, Tompo.”] Ary asio tombokase izy eo anivon'ny olona. [“Eny, Tompo.”] Ka, amin'io Andro be voninahitra io rehefa hihaona any izahay, dia enga anie aho hahatsapa an'ilay famihinan'ireo sandriny, miantsoantso hoe, “Ny rahalahiko sarobidy!” [“Amena.”] “Fantatro izy.” Ento miaraka aminy i Banks, Tompo, Sitrakao ve; papa sy mama, sy izy rehetra ireo, ranabavy, ary io fianakaviana lehibe rehetra io? Enga anie izahay rehetra hihaona any, Tompo, ary ny tsirairay avy amin'izy ireo anie ho feno ny Fanahy Masina. Mivavaka amin'ny Anaran'i Jesosy aho. Amena. [“Amena.”]

Handray an'Izany ianao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy Lyle.

¹⁹⁶ [Hoy ny olona iray hoe, “Rahalahy?”—Mpand.] Eny, rahalahy. [“Misy antso iray avy any lavitra be, ary fahafatesana iray, miandry ao amin'ny laharan-tariby.”]

¹⁹⁷ Misy olona iray eo am-pahafatesana, antso iray avy any lavitra be. Ka averiko amin-dRahalahy Neville ny fotoana raha mbola ao aho.

¹⁹⁸ [Hoy Rahalahy Neville hoe, “Andro lehibe sy mahafinaritra ao amin’ny Tompo! Nanao zavatra sasantsasany mahafinaritra ho antsika Andriamanitra androany. Tanteraka avokoa ny fiandrasako rehetra—Mpand.]

[“Ndao isika hiaraka hitsangana, amin’ny tongontsika.]

¹⁹⁹ [“Tsarovy ny fotoana arak’izany, amin’ny Alarobia hariva. Aoka hivavaka betsaka. Ny fo tsy afa-po rehetra, tsy manana antoka dia aoka hifandray betsaka amin’Andriamanitra. ‘Antomotra ny fotoana. Iza no fotoana. Anio no andron’ny famonjena.’]

²⁰⁰ [“Andriamanitra anie hitahy ny isanisany sy ny tsirairay avy aminareo mpitsidika, ianareo olona avy lavitra be. Ny vavakay dia, hoe, Andriamanitra anie hanome anareo dian’ny famindrampo, miverina any amin’ireo toeram-ponenanareo. Faly izahay nanana anareo niaraka taminay. Ary mivavaha ho anay raha mandeha ianareo, mba hitahian’ny Tompo ao amin’ity toerana ity, ihany koa.]

²⁰¹ [“Rainay any An-danitra, satria tonga ny Mpanomponao izao hariva izao, mba hanao ny asan’andraiketry ny Mpanomponao sy mpaminany, mitsangana eo anelanelana, ilay banga, manangana an’ilay fefy, tonga aminay miaraka amin’ny fihetseham-po mirehitra an’ny Mpanomponao, satria vita batisan’ny Fanahy Masina, ary nanome an’ilay asan’ny mpaminany, mba hiteny amin’ity taranaka ity. Ampio izahay androany sy izao hariva izao, mba handray ny Hafatra izay tonga aminay, Tompo, ilay fampaherezana, mba ho voaomana.]

²⁰² [“Tahio ny isanisany sy ny tsirairay avy izay handeha hiala amin’ireo varavaran’ity tranobe ity izao hariva izao. Enga anie ny aretina izay eo aminay, fa tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an’izany izahay, enga anie ny Fahasoavanao voatahy sy ny hery hitahiry sy hiaro ary hanasitrana anay, ka hihazona anay, mandra-pahatongan’ny fotoana izay hahavonana Anao hamintra anay mankany amin’ilay ilany hafa. Tahio ny kivy sy diso fanantenana rehetra, ny matahotra, ary ireo izay malemy.]

²⁰³ [“Andriamanitra, mivavaka izahay izao hariva izao ho an’ny famangiana iray manokana, ny tso-dranon’ny Fanahy masina, hitoetra eo amin’ny mpandeha lavitra tsirairay, ny mpivahiny tsirairay, ny vahiny tsirairay ao amin’ny vavahadinay. Ny tsirairay avy izay mivoaka amin’ny varavarana izao hariva izao, enga anie ilay voaly fandrakofan’ny Rà, avy eo amin’ny hazo fijalian’i Kalvary, handrakotra sy hanomana ampy tanteraka.]

²⁰⁴ [“Sitrano izahay rehefa marary. Tehirizo amin’ny Herinao mahery izahay. Osory izahay ho an’ny asa. Avelao izahay handeha amin’ny fitiavana, eo Anatrehanao, amin’ny androm-

piainanay rehetra. Dia hidera Anao izahay ny amin'izany, fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izahay sy nohon'ny Aminy. Amena.]

205 ["Ary Andriamanitra hitahy anareo. Ary faly izahay nanana anareo. Mifandraisa tanaana."]

206 [Miverina eo amin'ny lampihazo Rahalahy Branham raha mifandray tanaana sy mifampiarahaba ny fiangonana raha eo am-pialana.]


207 [Miresaka amin'ny olona iray Rahalahy Branham.] Mankasitraka marina tokoa an'izay rehetra nataonareo ho ahy, ny karatra sy...?...Eny, tompoko. Mankasitraka marina tokoa...?...

208 [Miresaka amin-dRahalahy Neville Rahalahy Branham—Mpand.] Noho izany dia nandefa an'ilay vaton'ny finoana izahay...?...Nisy lehilahy iray avy any amin'ny manodidina...?...Noho izany dia nalefako nananjika azy ny vavaka, tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Nandry tany nandritry ny adiny iray, tsy nisy fitempon'ny fo, tsy nisy fofon'aina, tsy nisy na inona na inona. Tsy nisy fofon'aina, tsy nisy fitempon'ny fo, na fiainana, tsy nisy na inona na inona; ireo maso tsy nihetsika teo amin'ny lohany, nianjera teo amin'ny polipitra. [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Navelany nandry teo fotsiny izy mandra-pahatongan'ilay vavaka."]

209 Mbola misokatra ve *ity*? [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Eny, mbola mandeha izy," manondro fa mbola mandeha ilay fanamafisam-peo—Mpand.]

210 Afaka mahazo ny fifantohanareo ve aho? Tany, evanjelista tanora iray, mpitory teny iray, any Indiana eto, no nitory teny, nianjera maty teo amin'ny polipitra, teo amin'ny adiny iray teo fotsiny izay. Raha mbola nitory teny izy, dia lavo nankany aloha, ary maty teo amin'ny polipitra, evanjelista malaza iray, nitory teny tany Indiana eto. Tonga fotsiny ilay pasitera ka niantso ahy. Maty mihitsy izy raha teo am-pitoriana teny teo ambanin'ny hosotry ny Fanahy, lavo nankany aloha, ny masony tsy nihetsika, niala taminy ny fiainany. Nolazaina fa maty izy, satria nandry maty nandritry ny adiny iray. Ary nisy zavatra niteny tamin'izy ireo mba hiantso ny fiangonana ka hanao ahy hivavaka. Noho izany dia nalefako ny vavaka hitondra azy hiverina, tamin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Afaka miaraka amiko amin'ny finoana ve ianareo, mba tsy hahadiso azy an'ilay fikendry; hanavao azy ary hamerina azy. Misaotra anareo.

211 Homba anareo anie Andriamanitra, mandra-pahitako anareo amin'ny Alarobia hariva. Ianareo vahoaka avy any Georgia sy ny manodidina, veloma. Homba anareo anie Andriamanitra.

²¹² [Miala avy eo amin'ny fanamafisam-peo Rahalahy Branham ka miresaka amin'ireo hafa, saingy tsy mazava ny resak'izy ireo—Mpand.] 

FANANGANAN'ANAKA 1 MAG60-0515E

(Adoption 1)

ANDIAN'NY FANANGANAN'ANAKA

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady hariva, 15 May, 1960, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2019 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org